إِنَّهُۥ لَقُرْءَانٌ كَرِيمٌ فِى كِتَٰبٍ مَّكْنُونٍ لَّا يَمَسُّهُۥٓ إِلَّا ٱلْمُطَهَّرُونَ تَنزِيلٌ مِّن رَّبِّ ٱلْعَٰلَمِينَ

وقفٌ لله تعالى من خادم الحرمين الشريفين
الملك عبد الله بن عبد العزيز آل سعود
ولا يجوز بيعه

تُوزع مجانًا

# الفاتحة وجزء عمّ

## وترجمة معانيهما إلى اللغة الملاغاشية

ترجمة

الشيخ أبصار سيد أرسين

مجمع الملك فهد لطباعة المصحف الشريف

Tolotra natao ho an'ny Allah avy amin'ny
Mpanompo trano masina anakiroa be
voninahitra: Mpanjaka Abdollahy biny
Abdol Anziz Al- Saondy.
Tsy azo amidy

Zaraina maimaim-poana

# Al-FATIHA
# sy
# JOZ AMMA
ary dikan-teniny
amin'ny
teny Malagasy


Fandikan-Teny Nataony
Sheik Abousoary Saïd Arsene



Orintranon'ny Mpanjaka FAHD mpanonta boky
masina koroany

بِسْمِ اللَّهِ الرَّحْمَٰنِ الرَّحِيمِ

## مقـــدمة

بقلم معالي الشيخ: صالح بن عبد العزيز بن محمد آل الشيخ
وزير الشؤون الإسلامية والأوقاف والدعوة والإرشاد
المشرف العام على المجمع

الحمد لله رب العالمين، القائل في كتابه الكريم:

﴿... قَدْ جَآءَكُم مِّنَ ٱللَّهِ نُورٌ وَكِتَـٰبٌ مُّبِينٌ ﴾.

والصلاة والسلام على أشرف الأنبياء والمرسلين، نبينا محمد، القائل:

«خيركم من تعلّم القرآن وعلّمه».

أما بعد:

فإنفاذاً لتوجيهات خادم الحرمين الشريفين، الملك عبد الله بن عبد العزيز آل سعود، حفظه الله، بالعناية بكتاب الله، والعمل على تيسير نشره، وتوزيعه بين المسلمين، في مشارق الأرض ومغاربها، وتفسيره، وترجمة معانيه إلى مختلف لغات العالم.

وإيماناً من وزارة الشؤون الإسلامية والأوقاف والدعوة والإرشاد بالمملكة العربية السعودية بأهمية ترجمة معاني القرآن الكريم إلى جميع لغات العالم المهمة تسهيلاً لفهمه على المسلمين الناطقين بغير العربية، وتحقيقاً للبلاغ المأمور به في قوله ﷺ: «بلّغوا عني ولو آية».

وخدمة لإخواننا الناطقين باللغة الملاغاشية يطيب لمجمع الملك فهد لطباعة المصحف الشريف بالمدينة المنورة أن يقدم للقارئ الكريم ترجمة معاني سورة الفاتحة وجزء عمّ إلى اللغة الملاغاشية التي قام بها الشيخ أبصار سيد أرسين؛ وراجعها من قبل المجمع الشيخ جميل الدين شمس الدين.

ونحمد الله سبحانه وتعالى أن وفق لإنجاز هذا العمل العظيم الذي نرجو أن يكون خالصاً لوجهه الكريم، وأن ينفع به الناس.

إننا لندرك أن ترجمة معاني القرآن الكريم -مهما بلغت دقتها- ستكون قاصرة عن أداء المعاني العظيمة التي يدل عليها النص القرآني المعجز، وأن المعاني التي تؤديها الترجمة إنما هي حصيلة ما بلغه علم المترجم في فهم كتاب الله الكريم، وأنه يعتريها ما يعتري عمل البشر كلّه من خطأ ونقص.

ومن ثم نرجو من كل قارئ لهذه الترجمة أن يوافي مجمع الملك فهد لطباعة المصحف الشريف بالمدينة النبوية بما قد يجده من خطأ أو نقص أو زيادة للإفادة من الاستدراكات في الطبعات القادمة إن شاء الله.

والله الموفق، وهو الهادي إلى سواء السبيل، اللهم تقبل منا إنك أنت السميع العليم.

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

**Sasinteny**

Nosoratin'ny SHEIKH hajaina : SALEH BINY ABDOL ANZIZ BINY MOHAMMAD ĀL AL-SHEIKH, ministry ny raharaha Islamika sy ny Aokaf sy ny fampielezana ary ny fanoroan-dàlana mpiahy ankapobeny ny Orintrano.

Dera ho an'Allah tompon'izao tontolo izao, izay niteny ao anatin'ny bokiny masina manao hoe : "Efa tonga aminareo tokoa ny fahazavana avy amin'Allah sy ny Boky mazava".
Ary tso-drano sy fandriampahalemana anie ho an'ny lehiben'ireo Mpaminany sy ireo Iraka, Mpaminanintsika Mohammad, izay niteny manao hoe: "Ny mendrika indrindra aminareo dia izay nianatra ny Koroany sy nampianatra an'izany."
Manarak'izany :

Noho ny fanatanterahana ireo toro-dàlana, avy amin'ny mpanompo trano masina anakiroa be voninahitra : MPANJAKA ABDOLLAHY BINY ABDOL ANZIZ AL-SAONDY, eo aminy anie ny fiarovan'Allah, amin'ny fijerena akaiky ny bokin'Allah sy hiasa amin'ny fanamorana ny fampielezana an'izany ary ny fizarana azy amin'ny mpino Silamo rehetra manerana ny vazan-tany rehetra antsinanana sy andrefana sy ny famakafakana azy ary ny fandikana ny dikany amin'ny karazan-teny rehetra maneran-tany.

Sy noho finoan'ny Ministeran'ny raharaha Islamika sy ny Aokaf sy ny Fampielezana ary ny fanoroan-dàlana ao Arabia Saodia ny maha-zava-dehibe ny fandikana ny dikan-tenin'ny Koroany masina amin'ny teny velona rehetra maneran-tany mba hanamora ny fahazoan'ny mpino Silamo, izay tsy miteny teny arabo, ny fahazoana azy.

Sy ho fampiharana ny baiko avy amin'ny Mpaminany, eo aminy anie ny tso-dranon'Allah sy ny fandriampahalemana ,manao hoe : "Ahelezonareo na dia teny iray monja avy aty amiko"

Ary ho fanampiana ireo rahalahintsika miteny teny Malagasy dia mahafaly ny Oritranon'ny Mpanjaka FAHD mpanonta ny boky masina koroany ao MADINA AL-MONAOARA ny manolotra ho an'ny mpamaky ny dikan-tenin'ny soraty AL-FATIHA sy Joz AMMA amin'ny teny Malagasy izay nosahanin'ny Sheikh Abousoary Said Arsene sy Sheikh Djamildine Samsoudine no nanao famerenana azy amin'ny anaran'ny Orintrano.

Ary misaotra an'Allah isika izay nitaha tamin'ny fahatontosan'izao asa lehibe izao izay antenaintsika mafy fa ho Azy tanteraka no nanaovana an'izany ary hitondra tombotsoa ho an'ny olombelona rehetra tsy an-kanavaka.

Fantatsika tokoa fa ny fandikana ny dikan-tenin'ny Koroany masina na dia manao ahoana ny fahamendrehan'izany dia tsy mety ho tonga amin'ny tena dikany izay voalazan'ny koroany feno fahagagana. Ary ny dikany izay voalaza ao amin'ny fandikan-teny dia tsy misy afa-tsy vokatrin'ny fari-pahalalan'ny mpandika teny momba ny Bokin'Allah masina. Ary izany dia hisehoan'ny fahadisoana sy ny tsy fahampiana toy ny asan'ny zanak'olombelona rehetra. Arak'izany dia maniry izahay mba hilaza ny Mpamaky ity fandikan-teny ity amin'ny Oritranon'ny Mpanjaka FAHD mpanonta boky masina Koroany ao MADINA AL-MONAOARA izay fahadisoana na tsy fahampiana na fampitomboana hitany mba hanatsarana ny fanontana amin'ny manaraka raha sitrakin'ny Tompo Allah.

Ary Allah no Mpiahy sy Izy tokoa no Mpanitsy amin'ny làlana mazava. Tompo ô ! Ekeo izao asanay izao, satria Ianao no tena maheno sy mahafantatra ny zava-drehetra.

# سُورَةُ الفَاتِحَةِ

بِسۡمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحۡمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ ١
ٱلۡحَمۡدُ لِلَّهِ رَبِّ ٱلۡعَٰلَمِينَ ٢
ٱلرَّحۡمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ ٣ مَٰلِكِ يَوۡمِ ٱلدِّينِ ٤
إِيَّاكَ نَعۡبُدُ وَإِيَّاكَ نَسۡتَعِينُ ٥ ٱهۡدِنَا
ٱلصِّرَٰطَ ٱلۡمُسۡتَقِيمَ ٦ صِرَٰطَ ٱلَّذِينَ أَنۡعَمۡتَ
عَلَيۡهِمۡ غَيۡرِ ٱلۡمَغۡضُوبِ عَلَيۡهِمۡ
وَلَا ٱلضَّآلِّينَ ٧

## TOKO AL-FATIHA
## (NY FANOMBOHANA)

1. *Amin'ny anaran' Allah, be indrafo sy be fiantrana*
2. Ny fisaorana sy fankatelemana ho an'Allah, tompon'izao tontolo izao
3. Ilay be indrafo, ilay be fiantrana
4. Mpanjakan'ny Andron'ny fitsinjarana
5. Ianao irery ihany no tompoinay ary Ianao irery ihany koa no hangatahanay famonjena
6. Tariho amin'ny làlana mahitsy izahay
7. Dia ny lalan'ireo izay nohasoavinao, fa tsy ny an'ireo notezeranao na an'ireo very làlana.

# سُورَةُ النَّبَإِ



بِسْمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحْمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

عَمَّ يَتَسَآءَلُونَ ١ عَنِ ٱلنَّبَإِ ٱلْعَظِيمِ ٢ ٱلَّذِى هُمْ فِيهِ مُخْتَلِفُونَ ٣
كَلَّا سَيَعْلَمُونَ ٤ ثُمَّ كَلَّا سَيَعْلَمُونَ ٥ أَلَمْ نَجْعَلِ ٱلْأَرْضَ مِهَٰدًا ٦
وَٱلْجِبَالَ أَوْتَادًا ٧ وَخَلَقْنَٰكُمْ أَزْوَٰجًا ٨ وَجَعَلْنَا نَوْمَكُمْ سُبَاتًا
٩ وَجَعَلْنَا ٱلَّيْلَ لِبَاسًا ١٠ وَجَعَلْنَا ٱلنَّهَارَ مَعَاشًا ١١ وَبَنَيْنَا
فَوْقَكُمْ سَبْعًا شِدَادًا ١٢ وَجَعَلْنَا سِرَاجًا وَهَّاجًا ١٣ وَأَنزَلْنَا مِنَ
ٱلْمُعْصِرَٰتِ مَآءً ثَجَّاجًا ١٤ لِّنُخْرِجَ بِهِۦ حَبًّا وَنَبَاتًا ١٥ وَجَنَّٰتٍ
أَلْفَافًا ١٦ إِنَّ يَوْمَ ٱلْفَصْلِ كَانَ مِيقَٰتًا ١٧ يَوْمَ يُنفَخُ فِى ٱلصُّورِ
فَتَأْتُونَ أَفْوَاجًا ١٨ وَفُتِحَتِ ٱلسَّمَآءُ فَكَانَتْ أَبْوَٰبًا ١٩ وَسُيِّرَتِ
ٱلْجِبَالُ فَكَانَتْ سَرَابًا ٢٠ إِنَّ جَهَنَّمَ كَانَتْ مِرْصَادًا ٢١ لِّلطَّٰغِينَ
مَـَٔابًا ٢٢ لَّٰبِثِينَ فِيهَآ أَحْقَابًا ٢٣ لَّا يَذُوقُونَ فِيهَا بَرْدًا وَلَا شَرَابًا
٢٤ إِلَّا حَمِيمًا وَغَسَّاقًا ٢٥ جَزَآءً وِفَاقًا ٢٦ إِنَّهُمْ كَانُوا۟
لَا يَرْجُونَ حِسَابًا ٢٧ وَكَذَّبُوا۟ بِـَٔايَٰتِنَا كِذَّابًا ٢٨ وَكُلَّ شَىْءٍ
أَحْصَيْنَٰهُ كِتَٰبًا ٢٩ فَذُوقُوا۟ فَلَن نَّزِيدَكُمْ إِلَّا عَذَابًا ٣٠

## TOKO AN-NABA (NY VAOVAO LEHIBE)

*Amin'ny anaran' Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Momba inona no ifanontanian'izy ireo ?
2. Momba ilay vaovao lehibe
3. Izay tsy mampifanaraka azy ireo ny amin'izany
4. Tsia, mbola ho fantatr'izy ireo
5. Tsia, tena mbola ho fantatr'izy ireo
6. Moa ve tsy nataonay toy ny fandriana ny tany ?
7. Ary ireo tendrombohitra toy ny andry iankinany ?
8. Ary noharianay ho mpivady ianareo
9. Ary nataonay ny torimasonareo ho fialan-tsasatra?
10. Ary nataonay ny alina ho firakotra ?
11. Ary nataonay ho fitadiavam-pivelomana ny atoandro
12. Ary nanorenanay (lanitra) fito mafy orina eo amboninareo
13. Ary nasianay jiro (masoandro) mazava-be
14. Ary nandrotsahanay rano be dia be (orana) avy amin'ny rahona
15. Mba hamoahanay avy amin'izany ireo voa-java-maniry sy ireo zava-maniry maro samihafa
16. Sy ireo zaridaina maha-te ho tia
17. Eny, ny andron'ny fisarahana dia efa voatondro
18. Ny Andro hitsofana ny anjomara ka ho tonga hirodorodo anandiany maro ianareo.
19. Ary hisokatra ny lanitra ka hisy varavarana maro be
20. Ary andeha ireo tendrombohitra ka ho lasa fandrendrirendry
21. Eny, ny afo-be dia efa eo ampiandrasana
22. Toerana fialokalofan'ireo mpikomy
23. Hitoeran'izy ireo maharitra be
24. Tsy hanandrana velively na hatsiaka na zava-pisotro ao izy ireo
25. Afa-tsy ny rano mangotraka, sy rano maimbo (nana)
26. Izany no valin'asa ara-drariny
27. Eny, Tena tsy nanantena ny mbola ho tsaraina izy ireo
28. Nolazain'izy ireo ho lainga tanteraka ny fanambaranay
29. Ary ny zava-drehetra dia efa novoaboasanay an-tsoratra
30. Ka dia andramo ary ! fa tsy hanampy ho anareo izahay afa-tsy ny famaizana (sazy)

إِنَّ لِلۡمُتَّقِينَ مَفَازًا ٣١ حَدَآئِقَ وَأَعۡنَٰبٗا ٣٢ وَكَوَاعِبَ أَتۡرَابٗا ٣٣ وَكَأۡسٗا
دِهَاقٗا ٣٤ لَّا يَسۡمَعُونَ فِيهَا لَغۡوٗا وَلَا كِذَّٰبٗا ٣٥ جَزَآءٗ مِّن رَّبِّكَ عَطَآءً
حِسَابٗا ٣٦ رَّبِّ ٱلسَّمَٰوَٰتِ وَٱلۡأَرۡضِ وَمَا بَيۡنَهُمَا ٱلرَّحۡمَٰنِۖ لَا يَمۡلِكُونَ
مِنۡهُ خِطَابٗا ٣٧ يَوۡمَ يَقُومُ ٱلرُّوحُ وَٱلۡمَلَٰٓئِكَةُ صَفّٗاۖ لَّا يَتَكَلَّمُونَ
إِلَّا مَنۡ أَذِنَ لَهُ ٱلرَّحۡمَٰنُ وَقَالَ صَوَابٗا ٣٨ ذَٰلِكَ ٱلۡيَوۡمُ ٱلۡحَقُّۖ فَمَن
شَآءَ ٱتَّخَذَ إِلَىٰ رَبِّهِۦ مَـَٔابًا ٣٩ إِنَّآ أَنذَرۡنَٰكُمۡ عَذَابٗا قَرِيبٗا يَوۡمَ يَنظُرُ
ٱلۡمَرۡءُ مَا قَدَّمَتۡ يَدَاهُ وَيَقُولُ ٱلۡكَافِرُ يَٰلَيۡتَنِي كُنتُ تُرَٰبَۢا ٤٠

## سُورَةُ النَّازِعَاتِ

بِسۡمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحۡمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

وَٱلنَّٰزِعَٰتِ غَرۡقٗا ١ وَٱلنَّٰشِطَٰتِ نَشۡطٗا ٢ وَٱلسَّٰبِحَٰتِ سَبۡحٗا ٣
فَٱلسَّٰبِقَٰتِ سَبۡقٗا ٤ فَٱلۡمُدَبِّرَٰتِ أَمۡرٗا ٥ يَوۡمَ تَرۡجُفُ ٱلرَّاجِفَةُ ٦
تَتۡبَعُهَا ٱلرَّادِفَةُ ٧ قُلُوبٞ يَوۡمَئِذٖ وَاجِفَةٌ ٨ أَبۡصَٰرُهَا خَٰشِعَةٞ ٩
يَقُولُونَ أَءِنَّا لَمَرۡدُودُونَ فِي ٱلۡحَافِرَةِ ١٠ أَءِذَا كُنَّا عِظَٰمٗا نَّخِرَةٗ ١١ قَالُواْ
تِلۡكَ إِذٗا كَرَّةٌ خَاسِرَةٞ ١٢ فَإِنَّمَا هِيَ زَجۡرَةٞ وَٰحِدَةٞ ١٣ فَإِذَا هُم بِٱلسَّاهِرَةِ
١٤ هَلۡ أَتَىٰكَ حَدِيثُ مُوسَىٰٓ ١٥ إِذۡ نَادَىٰهُ رَبُّهُۥ بِٱلۡوَادِ ٱلۡمُقَدَّسِ طُوًى ١٦

31. Ho an'ireo be fatahorana sy be fahombiazana
32. Ireo zaridaina sy ireo karazam-boaloboka marobe
33. Ary ireo votonono (tovovavy) marobe mitovy hatanorana
34. Sy ireo zinga feno mitafotafo
35. Tsy handre teny ratsy sy lainga ao izy ireo
36. Ho solon'ny vali-kasasarana avy amin'ny tomponao sy ho fanomezana mitafotafo
37. Tompon'ireo lanitra sy ny tany ary izay rehetra eo anelanelany, Ilay be indrafo, tsy hanam-pahefana hiloa-bava ho Azy izy ireo.
38. Amin'ny andro izay hitsanganan'ny Fanahy sy ireo anjely andaharana, tsy hahazo hiteny izy ireo afa-tsy izay nahazo alàlana avy amin'Ilay be indrafo, ary nilaza ny marina (teny ambonin'ny tany)
39. Izany no tena andron'ny Fahamarinana, ka izay mila dia mitadiava fialofana avy amin'ny tompony.
40. Tena, efa nampitandrina anareo Izahay fa efa akaiky ny famaizana, andro izay hahitan'ny olona ny vokatry ny asan-tanany roa, koa hilaza ireo tsy mpino hoe "Maniry aho raha mba miverina ho vovoka".

## TOKO AN-NAZI-ANT (IREO ANJELY MPAKA NY AINA)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Mianiana amin'ireo manongotra ankeriny ny aina
2. Mianiana amin'ireo mpaka ampilaminana ny aina
3. Mianiana amin'ireo izay mihofahofa ampahalalahana
4. Mianiana amin'ireo mialoha làlana
5. Ary ireo mpandrindra ny zava-drehetra
6. Amin'ny andro mampihorohoro ny tany (noho ny fitsofana anjomara voalohany)
7. Arahin'ny faharoa vetivety foana (ny fitsofana ny anjomara faharoa)
8. Amin'io andro io dia feno tebiteby ny fo.
9. Ny fijerin'izy ireo dia hitanondrika
10. Miteny izy ireo hoe "haverina amin'ny fiainanay tany amboalohany ve izahay ?"
11. Raha toa ka taolana efa potika izahay teo aloha
12. Niteny izy ireo hoe "izany ary dia fiverenana mahafatiantoka"
13. Nefa, tsy hisy afa-tsy antso tokana
14. Dia indro fa hifoha izy ireo
15. Moa ve tafapita taty aminao ny tantaran'i Mosesy ?
16. Rehefa niantso azy ny Tompony tao amin'ny lohasaha masin'ny Towa

ٱذۡهَبۡ إِلَىٰ فِرۡعَوۡنَ إِنَّهُۥ طَغَىٰ ١٧ فَقُلۡ هَل لَّكَ إِلَىٰٓ أَن تَزَكَّىٰ ١٨ وَأَهۡدِيَكَ
إِلَىٰ رَبِّكَ فَتَخۡشَىٰ ١٩ فَأَرَىٰهُ ٱلۡأٓيَةَ ٱلۡكُبۡرَىٰ ٢٠ فَكَذَّبَ وَعَصَىٰ ٢١ ثُمَّ
أَدۡبَرَ يَسۡعَىٰ ٢٢ فَحَشَرَ فَنَادَىٰ ٢٣ فَقَالَ أَنَا۠ رَبُّكُمُ ٱلۡأَعۡلَىٰ ٢٤ فَأَخَذَهُ
ٱللَّهُ نَكَالَ ٱلۡأٓخِرَةِ وَٱلۡأُولَىٰٓ ٢٥ إِنَّ فِي ذَٰلِكَ لَعِبۡرَةٗ لِّمَن يَخۡشَىٰٓ ٢٦
ءَأَنتُمۡ أَشَدُّ خَلۡقًا أَمِ ٱلسَّمَآءُۚ بَنَىٰهَا ٢٧ رَفَعَ سَمۡكَهَا فَسَوَّىٰهَا ٢٨
وَأَغۡطَشَ لَيۡلَهَا وَأَخۡرَجَ ضُحَىٰهَا ٢٩ وَٱلۡأَرۡضَ بَعۡدَ ذَٰلِكَ دَحَىٰهَآ ٣٠
أَخۡرَجَ مِنۡهَا مَآءَهَا وَمَرۡعَىٰهَا ٣١ وَٱلۡجِبَالَ أَرۡسَىٰهَا ٣٢ مَتَٰعٗا لَّكُمۡ
وَلِأَنۡعَٰمِكُمۡ ٣٣ فَإِذَا جَآءَتِ ٱلطَّآمَّةُ ٱلۡكُبۡرَىٰ ٣٤ يَوۡمَ يَتَذَكَّرُ ٱلۡإِنسَٰنُ
مَا سَعَىٰ ٣٥ وَبُرِّزَتِ ٱلۡجَحِيمُ لِمَن يَرَىٰ ٣٦ فَأَمَّا مَن طَغَىٰ ٣٧ وَءَاثَرَ
ٱلۡحَيَوٰةَ ٱلدُّنۡيَا ٣٨ فَإِنَّ ٱلۡجَحِيمَ هِيَ ٱلۡمَأۡوَىٰ ٣٩ وَأَمَّا مَنۡ خَافَ
مَقَامَ رَبِّهِۦ وَنَهَى ٱلنَّفۡسَ عَنِ ٱلۡهَوَىٰ ٤٠ فَإِنَّ ٱلۡجَنَّةَ هِيَ ٱلۡمَأۡوَىٰ
٤١ يَسۡـَٔلُونَكَ عَنِ ٱلسَّاعَةِ أَيَّانَ مُرۡسَىٰهَا ٤٢ فِيمَ أَنتَ مِن
ذِكۡرَىٰهَآ ٤٣ إِلَىٰ رَبِّكَ مُنتَهَىٰهَآ ٤٤ إِنَّمَآ أَنتَ مُنذِرُ مَن يَخۡشَىٰهَا
٤٥ كَأَنَّهُمۡ يَوۡمَ يَرَوۡنَهَا لَمۡ يَلۡبَثُوٓاْ إِلَّا عَشِيَّةً أَوۡ ضُحَىٰهَا ٤٦

## سُورَةُ عَبَسَ

17. Mandehana any amin'i Faraona ianao, satria dia efa tena nikomy izy
18. Ambarao azy hoe "Moa ve tia hanadio ny fanahinao ianao ?
19. Ary hotarihiko amin'ny tomponao ianao, mba hanana fatahorana Azy"
20. Dia nampahitany azy ny fahagagana tena lehibe
21. Nihevitra izany ho lainga anefa izy ka dia tsy nankato
22. Ary dia niamboho tena izy (mitodi-damosina) amim-pahamaikana
23. Namory an'ireo olony izy ary nanao fanambarana
24. Dia nilaza izy hoe "Izaho no tomponareo ilay avo indrindra"
25. Koa nampiharin'Allah taminy ny famaizana tena mifanentana amin'ny andro farany sy ny ety an-tany.
26. Izany dia natao anatra ho an'izay matahotra an'Allah
27. Moa ve ny fahariana anareo dia nananosarotra kokoa noho ny lanitra izay naoriny ?
28. Ary nampakariny ambony ny tafony sy nampitoviany tantana
29. Nataony ho maizina ny alina ary naposany ny hazavana mibaliaka
30. Ary novelariny ny tany taorian'izany
31. Namoahany avy aminy ny ranony sy ireo zavamaniriny
32. Ary ireo tendrombohitra dia nataony andry iankinany
33. Mba ho fahafinaretana ho anareo sy ho an'ireo biby fiompinareo
34. Koa rehefa tonga ny loza aman-tambo lehibe,
35. Andro hahatsiarovan'ny olombelona izay nataony
36. Ary habaribary ny afo-be, ho an'izay hijery
37. Koa izay nikomy kosa,
38. Sy nankafy ny fiainana tety an-tany
39. Dia ny afo-be no ho fialofany
40. Fa izay natahotra ny hihaona amin'ny Tompony, ka namehy ny tenany (fanahiny) tsy ho voasarikin'ny filan-dratsy.
41. Dia ny paradisa no ho fialofany
42. Hanontany anao izy ireo momba ny ora (ny andro farany) rahoviana no hipaika ?
43. Iza moa ianao no hilaza azy ireo an'izany ?
44. Ho an'ny tomponao irery ihany ny fahafantarana izany
45. Ianao tena marina mpampitandrina izay matahotra izany
46. Amin'ny andro izay hanatrehan'izy ireo izany, dia tsy misy afa-tsy alina na andro iray no nipetrahandreo (tao am-pasana)

## TOKO "ABASA"
## (NIKETRONA IZY)

ربع الحزب ٥٩

بِسۡمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحۡمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

عَبَسَ وَتَوَلَّىٰٓ ١ أَن جَآءَهُ ٱلۡأَعۡمَىٰ ٢ وَمَا يُدۡرِيكَ لَعَلَّهُۥ يَزَّكَّىٰٓ ٣
أَوۡ يَذَّكَّرُ فَتَنفَعَهُ ٱلذِّكۡرَىٰٓ ٤ أَمَّا مَنِ ٱسۡتَغۡنَىٰ ٥ فَأَنتَ لَهُۥ تَصَدَّىٰ
٦ وَمَا عَلَيۡكَ أَلَّا يَزَّكَّىٰ ٧ وَأَمَّا مَن جَآءَكَ يَسۡعَىٰ ٨ وَهُوَ يَخۡشَىٰ ٩
فَأَنتَ عَنۡهُ تَلَهَّىٰ ١٠ كَلَّآ إِنَّهَا تَذۡكِرَةٞ ١١ فَمَن شَآءَ ذَكَرَهُۥ ١٢ فِي صُحُفٖ
مُّكَرَّمَةٖ ١٣ مَّرۡفُوعَةٖ مُّطَهَّرَةِۭ ١٤ بِأَيۡدِي سَفَرَةٖ ١٥ كِرَامِۭ بَرَرَةٖ ١٦
قُتِلَ ٱلۡإِنسَٰنُ مَآ أَكۡفَرَهُۥ ١٧ مِنۡ أَيِّ شَيۡءٍ خَلَقَهُۥ ١٨ مِن نُّطۡفَةٍ
خَلَقَهُۥ فَقَدَّرَهُۥ ١٩ ثُمَّ ٱلسَّبِيلَ يَسَّرَهُۥ ٢٠ ثُمَّ أَمَاتَهُۥ فَأَقۡبَرَهُۥ ٢١ ثُمَّ إِذَا
شَآءَ أَنشَرَهُۥ ٢٢ كَلَّا لَمَّا يَقۡضِ مَآ أَمَرَهُۥ ٢٣ فَلۡيَنظُرِ ٱلۡإِنسَٰنُ إِلَىٰ طَعَامِهِۦٓ
٢٤ أَنَّا صَبَبۡنَا ٱلۡمَآءَ صَبّٗا ٢٥ ثُمَّ شَقَقۡنَا ٱلۡأَرۡضَ شَقّٗا ٢٦ فَأَنۢبَتۡنَا فِيهَا
حَبّٗا ٢٧ وَعِنَبٗا وَقَضۡبٗا ٢٨ وَزَيۡتُونٗا وَنَخۡلٗا ٢٩ وَحَدَآئِقَ غُلۡبٗا ٣٠ وَفَٰكِهَةٗ
وَأَبّٗا ٣١ مَّتَٰعٗا لَّكُمۡ وَلِأَنۡعَٰمِكُمۡ ٣٢ فَإِذَا جَآءَتِ ٱلصَّآخَّةُ ٣٣ يَوۡمَ يَفِرُّ
ٱلۡمَرۡءُ مِنۡ أَخِيهِ ٣٤ وَأُمِّهِۦ وَأَبِيهِ ٣٥ وَصَٰحِبَتِهِۦ وَبَنِيهِ ٣٦ لِكُلِّ
ٱمۡرِيٕٖ مِّنۡهُمۡ يَوۡمَئِذٖ شَأۡنٞ يُغۡنِيهِ ٣٧ وُجُوهٞ يَوۡمَئِذٖ مُّسۡفِرَةٞ
٣٨ ضَاحِكَةٞ مُّسۡتَبۡشِرَةٞ ٣٩ وَوُجُوهٞ يَوۡمَئِذٍ عَلَيۡهَا غَبَرَةٞ ٤٠

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Niketrona izy sy nitodi-damosina (niamboho izy)
2. Nony tonga teo aminy ilay jamba
3. Nefa, tsy fantatrao sao mba tia hanadio ny fanahiny (tenany) izy.
4. Na koa hahatsapa tena izy ka tena hitondra soa ho azy ny fampahatsiarovana.
5. Ho an'izay mifalifaly ao anatin'ny harena.
6. Hiazakazahanao maika ny hiaona aminy (hiatrika azy).
7. No tsy hanananao tsiny raha toa izy tsy tia hanadio ny fanahiny (tenany).
8. Ary izay miazakazaka manantona anao kosa.
9. Sady feno fatahorana an'i Allah izy.
10. Dia tsy norarahinao
11. Aza atao intsony, fa izao teny izao dia tena fampahatsiarovana.
12. Koa izay mila dia hatsiaro izany.
13. Ao anaty takelaka mendri-kaja.
14. Avo toerana, voadio.
15. Eo ampelatanan'ireo mpandika soratra (anjely).
16. Mendrika sy mankato.
17. Novonoina ny olombelona ! ahoana ny tsy fankasitrahany
18. Avy amin'inona moa no namoronany azy ?
19. Avy amin'ny ranonaina no nahariana ary efa noferany ny anjarany
20. Avy eo dia nohamorainy ho azy ny làlana.
21. Avy eo nantsoiny hodimandry izy sy naleviny ao ampasana
22. Avy eo rehefa ilainy, dia atsangany amin'ny maty indray izy.
23. Nefa indrisy ! tsy mbola nahantanteraka izay nandidiana azy izy ireo
24. Aoka ny olombelona mba hijery ny sakafony
25. Izahay no nandrotsaka ny ranon'orana be dia be.
26. Avy eo notriaritriarinay ny tany
27. Sy nampanirinay avy tao karazam-barim-bazaha
28. Sy ireo voaloboka ary ireo bozaka
29. Sy ireo oliva, sy ireo antsendry
30. Sy ireo zaridaina midoroboka
31. Sy ireo voankazo ary ireo ahi-maintso
32. Mba ho fahasoavana ho anareo sy ireo biby fiompinareo
33. Koa rehefa tonga ny fanairana mitrevatreva
34. Andro izay handositra ny rahalahiny ny olona
35. Sy ny reniny, sy ny rainy
36. Namany vavy (andefo mandriny) sy ny zanany
37. Samy manana ny manahirana azy ny olona tsirairay amin'io andro io
38. Maro ireo tarehy mamirapiratra amin'io andro io
39. Fali-kasambarana
40. Maro koa ireo tarehy feno vovoka amin'io andro io

تَرۡهَقُهَا قَتَرَةٌ ٤١ أُوْلَٰٓئِكَ هُمُ ٱلۡكَفَرَةُ ٱلۡفَجَرَةُ ٤٢

## سُورَةُ التَّكوِيرِ

بِسۡمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحۡمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

إِذَا ٱلشَّمۡسُ كُوِّرَتۡ ١ وَإِذَا ٱلنُّجُومُ ٱنكَدَرَتۡ ٢ وَإِذَا ٱلۡجِبَالُ
سُيِّرَتۡ ٣ وَإِذَا ٱلۡعِشَارُ عُطِّلَتۡ ٤ وَإِذَا ٱلۡوُحُوشُ حُشِرَتۡ
٥ وَإِذَا ٱلۡبِحَارُ سُجِّرَتۡ ٦ وَإِذَا ٱلنُّفُوسُ زُوِّجَتۡ ٧ وَإِذَا
ٱلۡمَوۡءُۥدَةُ سُئِلَتۡ ٨ بِأَيِّ ذَنۢبٖ قُتِلَتۡ ٩ وَإِذَا ٱلصُّحُفُ نُشِرَتۡ
١٠ وَإِذَا ٱلسَّمَآءُ كُشِطَتۡ ١١ وَإِذَا ٱلۡجَحِيمُ سُعِّرَتۡ ١٢ وَإِذَا ٱلۡجَنَّةُ
أُزۡلِفَتۡ ١٣ عَلِمَتۡ نَفۡسٞ مَّآ أَحۡضَرَتۡ ١٤ فَلَآ أُقۡسِمُ بِٱلۡخُنَّسِ ١٥
ٱلۡجَوَارِ ٱلۡكُنَّسِ ١٦ وَٱلَّيۡلِ إِذَا عَسۡعَسَ ١٧ وَٱلصُّبۡحِ إِذَا تَنَفَّسَ ١٨
إِنَّهُۥ لَقَوۡلُ رَسُولٖ كَرِيمٖ ١٩ ذِي قُوَّةٍ عِندَ ذِي ٱلۡعَرۡشِ مَكِينٖ ٢٠ مُّطَاعٖ
ثَمَّ أَمِينٖ ٢١ وَمَا صَاحِبُكُم بِمَجۡنُونٖ ٢٢ وَلَقَدۡ رَءَاهُ بِٱلۡأُفُقِ ٱلۡمُبِينِ
٢٣ وَمَا هُوَ عَلَى ٱلۡغَيۡبِ بِضَنِينٖ ٢٤ وَمَا هُوَ بِقَوۡلِ شَيۡطَٰنٖ رَّجِيمٖ ٢٥
فَأَيۡنَ تَذۡهَبُونَ ٢٦ إِنۡ هُوَ إِلَّا ذِكۡرٞ لِّلۡعَٰلَمِينَ ٢٧ لِمَن شَآءَ مِنكُمۡ أَن
يَسۡتَقِيمَ ٢٨ وَمَا تَشَآءُونَ إِلَّآ أَن يَشَآءَ ٱللَّهُ رَبُّ ٱلۡعَٰلَمِينَ ٢٩

41. Hanenika azy ny hamaizinana
42. Ireny olona ireny dia tsy mpino no mpanao ratsy

## TOKO AT-TAKWIR (NY FAHAMAIZINANA)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Rehefa tsy misy hazavana intsony ny masoandro.
2. Sy rehefa miha-malefaka ireo kintana.
3. Sy rehefa handeha ireo tendrombohitra.
4. Sy rehefa tsy voakarakara intsony ireo rameva akaiky hiteraka.
5. Sy rehefa tafa-vory ireo bibidia masiaka.
6. Sy rehefa nirehitra ireo ranomasina.
7. Sy rehefa nitambatra tsiroaroa ireo fanahy .
8. Ary raha hanontaniana ny amin'ny zazavavi-kely nalevim-belona.
9. Inona no fahotana vitany, no namonoana azy?
10. Sy raha havelatra ireo takela-piraiketana
11. Sy rehefa nihataka ny lanitra
12. Sy rehefa haredareda ny afo-be
13. Sy rehefa hampanatonina ny paradisa
14. Ho fantatry ny fanahy ny zavatra rehetra nataony
15. Tsia... mianiana aho amin'ireo andian-kintana
16. Izay mihodikodina amin'ny fizotrany.
17. Sy rehefa ny alina mihanaka
18. Sy ny maraina rehefa mibaliaka
19. Izy ity tena marina dia tenin'ny hiraka be fitiavana
20. Manan-kery eo anatrehan'ny tompon'ny seza fiandrianana
21. Eken'ny rehetra sy mendri-pitokisana
22. Tsy adala akory ny namanareo
23. Ary efa nahita maso azy izy teny amin'ny am-para-vodilanitra mazava
24. Sy tena tsy mahidy amin'izay zava-miafina izy
25. Ary tsy teny avy amin'ny devoly voahozona akory ity
26. Koa ho aiza no alehanareo ?
27. Izy ity dia tsy misy afa-tsy fampahatsiarovana ho an'izao tontolo izao.
28. Ho an'izay mila makany amin'ny làlana mahitsy aminareo
29. Tsy ho tanteraka ny sitra-ponareo raha tsy izay sitrak'Allah tompon'izao tontolo izao.

نصف الحزب ٥٩

## سُورَةُ الانفِطَارِ

بِسۡمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحۡمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

إِذَا ٱلسَّمَآءُ ٱنفَطَرَتۡ ١ وَإِذَا ٱلۡكَوَاكِبُ ٱنتَثَرَتۡ ٢ وَإِذَا ٱلۡبِحَارُ
فُجِّرَتۡ ٣ وَإِذَا ٱلۡقُبُورُ بُعۡثِرَتۡ ٤ عَلِمَتۡ نَفۡسٞ مَّا قَدَّمَتۡ
وَأَخَّرَتۡ ٥ يَٰٓأَيُّهَا ٱلۡإِنسَٰنُ مَا غَرَّكَ بِرَبِّكَ ٱلۡكَرِيمِ ٦ ٱلَّذِي
خَلَقَكَ فَسَوَّىٰكَ فَعَدَلَكَ ٧ فِيٓ أَيِّ صُورَةٖ مَّا شَآءَ رَكَّبَكَ ٨
كَلَّا بَلۡ تُكَذِّبُونَ بِٱلدِّينِ ٩ وَإِنَّ عَلَيۡكُمۡ لَحَٰفِظِينَ ١٠ كِرَامٗا
كَٰتِبِينَ ١١ يَعۡلَمُونَ مَا تَفۡعَلُونَ ١٢ إِنَّ ٱلۡأَبۡرَارَ لَفِي نَعِيمٖ ١٣ وَإِنَّ
ٱلۡفُجَّارَ لَفِي جَحِيمٖ ١٤ يَصۡلَوۡنَهَا يَوۡمَ ٱلدِّينِ ١٥ وَمَا هُمۡ عَنۡهَا بِغَآئِبِينَ
١٦ وَمَآ أَدۡرَىٰكَ مَا يَوۡمُ ٱلدِّينِ ١٧ ثُمَّ مَآ أَدۡرَىٰكَ مَا يَوۡمُ ٱلدِّينِ
١٨ يَوۡمَ لَا تَمۡلِكُ نَفۡسٞ لِّنَفۡسٖ شَيۡـٔٗاۖ وَٱلۡأَمۡرُ يَوۡمَئِذٖ لِّلَّهِ ١٩

## سُورَةُ المُطَفِّفِينَ

بِسۡمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحۡمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

وَيۡلٞ لِّلۡمُطَفِّفِينَ ١ ٱلَّذِينَ إِذَا ٱكۡتَالُواْ عَلَى ٱلنَّاسِ يَسۡتَوۡفُونَ ٢
وَإِذَا كَالُوهُمۡ أَو وَّزَنُوهُمۡ يُخۡسِرُونَ ٣ أَلَا يَظُنُّ أُوْلَٰٓئِكَ أَنَّهُم مَّبۡعُوثُونَ ٤

## TOKO AL-INFITAR
## (NY FAHAVAKIANA)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Rehefa hivaky ny lanitra
2. Sy rehefa hiparitaka ireo kintana
3. Sy rehefa hotondraka ireo ranomasina
4. Sy rehefa hovoakorontana ireo fasana
5. Dia ho fantatry ny fanahy tsirairay avy ny zava-bitany (nataony) sy izay mbola hataony manaraka
6. O ry olombelona ! inona no nahavoafitaka anao mikasika ny Tomponao ilay malala-tanana (be fitiavana) ?
7. Izay nahary anao, ka namolavola anao ary nandrafitra anao amin'ny endrika tsara
8. Namboariny amin'ny endrika izay tiany ianao.
9. Nefa mampalahelo nolazainareo ho lainga ny fitsarana farany
10. Sy tena efa misy tokoa ireo mpiambina anareo
11. Mpanoratra be fitiavana.
12. Mahafantatra ny asa rehetra ataonareo.
13. Ireo madio dia tena ho ao anatin'ny fiadanana
14. Ireo mpanao asa ratsy dia tena ho ao anatin'ny afo-be
15. Izay hidiran'izy ireo amin'ny afo-be amin'ny andron'ny fitsarana
16. Tsy ho hafaka an-dositra amin'izany izy ireo.
17. Sy mba fantatrao ve inona moa izany andron'ny fitsarana izany ?
18. Mamerina indray mandeha, moa ve mba fantatrao izany andron'ny fitsarana izany.
19. Amin'io andro io dia tsy hisy fanahy afaka ny hamonjy ny fanahy hafa, ary ny fahefana rehetra amin'izany dia an'Allah irery ihany.

## TOKO AL-MOTAFIFINA
## IREO MPAMITAKA (MPANAMBAKA)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Loza ho an'ireo mpanambaka
2. Ireo izay rehefa izy ireo no mamatra (mandanja) avy amin'ny olona dia mila ny feno sy ampy
3. Ary rehefa izy ireo no mamatra (mandanja) ho an'ny olon-kafa, dia mamono antoka
4. Moa ve tsy mihevitra izy ireo fa mbola hatsangana amin'ny maty ?

لِيَوۡمٍ عَظِيمٖ ٥ يَوۡمَ يَقُومُ ٱلنَّاسُ لِرَبِّ ٱلۡعَٰلَمِينَ ٦ كَلَّآ إِنَّ كِتَٰبَ
ٱلۡفُجَّارِ لَفِي سِجِّينٖ ٧ وَمَآ أَدۡرَىٰكَ مَا سِجِّينٞ ٨ كِتَٰبٞ مَّرۡقُومٞ ٩
وَيۡلٞ يَوۡمَئِذٖ لِّلۡمُكَذِّبِينَ ١٠ ٱلَّذِينَ يُكَذِّبُونَ بِيَوۡمِ ٱلدِّينِ ١١ وَمَا يُكَذِّبُ
بِهِۦٓ إِلَّا كُلُّ مُعۡتَدٍ أَثِيمٍ ١٢ إِذَا تُتۡلَىٰ عَلَيۡهِ ءَايَٰتُنَا قَالَ أَسَٰطِيرُ ٱلۡأَوَّلِينَ
١٣ كَلَّاۖ بَلۡۜ رَانَ عَلَىٰ قُلُوبِهِم مَّا كَانُواْ يَكۡسِبُونَ ١٤ كَلَّآ إِنَّهُمۡ عَن رَّبِّهِمۡ
يَوۡمَئِذٖ لَّمَحۡجُوبُونَ ١٥ ثُمَّ إِنَّهُمۡ لَصَالُواْ ٱلۡجَحِيمِ ١٦ ثُمَّ يُقَالُ هَٰذَا
ٱلَّذِي كُنتُم بِهِۦ تُكَذِّبُونَ ١٧ كَلَّآ إِنَّ كِتَٰبَ ٱلۡأَبۡرَارِ لَفِي عِلِّيِّينَ ١٨
وَمَآ أَدۡرَىٰكَ مَا عِلِّيُّونَ ١٩ كِتَٰبٞ مَّرۡقُومٞ ٢٠ يَشۡهَدُهُ ٱلۡمُقَرَّبُونَ ٢١
إِنَّ ٱلۡأَبۡرَارَ لَفِي نَعِيمٍ ٢٢ عَلَى ٱلۡأَرَآئِكِ يَنظُرُونَ ٢٣ تَعۡرِفُ فِي
وُجُوهِهِمۡ نَضۡرَةَ ٱلنَّعِيمِ ٢٤ يُسۡقَوۡنَ مِن رَّحِيقٖ مَّخۡتُومٍ ٢٥ خِتَٰمُهُۥ
مِسۡكٞۚ وَفِي ذَٰلِكَ فَلۡيَتَنَافَسِ ٱلۡمُتَنَٰفِسُونَ ٢٦ وَمِزَاجُهُۥ مِن
تَسۡنِيمٍ ٢٧ عَيۡنٗا يَشۡرَبُ بِهَا ٱلۡمُقَرَّبُونَ ٢٨ إِنَّ ٱلَّذِينَ أَجۡرَمُواْ كَانُواْ
مِنَ ٱلَّذِينَ ءَامَنُواْ يَضۡحَكُونَ ٢٩ وَإِذَا مَرُّواْ بِهِمۡ يَتَغَامَزُونَ ٣٠
وَإِذَا ٱنقَلَبُوٓاْ إِلَىٰٓ أَهۡلِهِمُ ٱنقَلَبُواْ فَكِهِينَ ٣١ وَإِذَا رَأَوۡهُمۡ قَالُوٓاْ
إِنَّ هَٰٓؤُلَآءِ لَضَآلُّونَ ٣٢ وَمَآ أُرۡسِلُواْ عَلَيۡهِمۡ حَٰفِظِينَ ٣٣

سكتة لطيفة على اللام

5. Amin'ny andro lehibe
6. Andro izay hitsanganan'ny olona rehetra, hiatrika ny tompon'izao tontolo izao
7. Tsia, ny bokin'ny mpanao ratsy dia tena ao anatin'ny Sijina
8. Sy moa ve mba fantatrao  inona moa izany Sijina izany ?
9. Boky voatomboka
10. Loza amin'io andro io ho an'ireo mpitory ho lainga
11. Izay mitory ho lainga ny fisian'ny andron'ny fitsarana
12. Tsy misy afa-tsy ny mpanohitra (mpandika didy aman-dalàna) sy ny mpanota ihany anefa no mitory lainga io andro io.
13. Rehefa toriana aminy ny fanambaranay dia milaza izy hoe : tantaran'ny fahagola izany.
14. Tsia, tsy izany velively fa ny asa nataon'izy ireo ihany no nandrakotra ny fony
15. Tsia, ny tena marina amin'io andro io dia hisy takona hanakana azy ireo amin'ny fahitana ny tompon'izy ireo
16. Rehefa avy eo dia hiditra marina ao anatin'ny afo-be izy ireo
17. Dia hilazana izy ireo avy eo hoe "izao ilay notorianareo ho lainga "
18. Tsia, ny bokin'ireo olona madio dia tena ao anatin'ny Illiyn
19. Ary moa mba fantatrao ve inona moa izany Illyin izany ?
20. Boky voatomboka
21. Ireo akaiky no ho vavolombelona amin'izany
22. Ireo  madio dia tena ho ao anatin'ny fiadanana
23. Eo amin'ny seza fiandrianana  izy ireo no mitazana
24. Hitanao taratra amin'ny endrik'izy ireo ny soritry ny haravoana
25. Izy ireo dia hotolorana zava-pisotro matsiro voatahiry sy voatomboka
26. Ny tsirony dia MISKY , ao anatin'izany no hifaninanan'ireo mpifaninana
27. Ny fangarony dia avy amin'ny rano TASNIM
28. Loharano fisotron'ireo akaiky
29. Ireo izay nanao ratsy (asa mamoa fady) dia nihomehy an'ireo izay nino
30. Ary raha sendra nandalo teo anilan'izy ireo (ireo mpino) dia nifampipihi-maso izy ireo.
31. Ary rehefa niverina amin'ny fianakaviany izy ireo dia mivazivazy (an'ireo mpino)
32. Ary rehefa mahita an'ireo mpino izy ireo dia niteny hoe "Ireny no tena very làlana"
33. Nefa izy ireo anie ka tsy mba natao ho mpiambina azy ireo e!

فَٱلْيَوْمَ ٱلَّذِينَ ءَامَنُوا۟ مِنَ ٱلْكُفَّارِ يَضْحَكُونَ ﴿٣٤﴾ عَلَى
ٱلْأَرَآئِكِ يَنظُرُونَ ﴿٣٥﴾ هَلْ ثُوِّبَ ٱلْكُفَّارُ مَا كَانُوا۟ يَفْعَلُونَ ﴿٣٦﴾

## سُورَةُ الانشِقَاقِ

بِسْمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحْمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

إِذَا ٱلسَّمَآءُ ٱنشَقَّتْ ﴿١﴾ وَأَذِنَتْ لِرَبِّهَا وَحُقَّتْ ﴿٢﴾ وَإِذَا ٱلْأَرْضُ مُدَّتْ
﴿٣﴾ وَأَلْقَتْ مَا فِيهَا وَتَخَلَّتْ ﴿٤﴾ وَأَذِنَتْ لِرَبِّهَا وَحُقَّتْ ﴿٥﴾ يَٰٓأَيُّهَا
ٱلْإِنسَٰنُ إِنَّكَ كَادِحٌ إِلَىٰ رَبِّكَ كَدْحًا فَمُلَٰقِيهِ ﴿٦﴾ فَأَمَّا مَنْ أُوتِىَ
كِتَٰبَهُۥ بِيَمِينِهِۦ ﴿٧﴾ فَسَوْفَ يُحَاسَبُ حِسَابًا يَسِيرًا ﴿٨﴾ وَيَنقَلِبُ
إِلَىٰٓ أَهْلِهِۦ مَسْرُورًا ﴿٩﴾ وَأَمَّا مَنْ أُوتِىَ كِتَٰبَهُۥ وَرَآءَ ظَهْرِهِۦ ﴿١٠﴾ فَسَوْفَ
يَدْعُوا۟ ثُبُورًا ﴿١١﴾ وَيَصْلَىٰ سَعِيرًا ﴿١٢﴾ إِنَّهُۥ كَانَ فِىٓ أَهْلِهِۦ مَسْرُورًا ﴿١٣﴾
إِنَّهُۥ ظَنَّ أَن لَّن يَحُورَ ﴿١٤﴾ بَلَىٰٓ إِنَّ رَبَّهُۥ كَانَ بِهِۦ بَصِيرًا ﴿١٥﴾ فَلَآ أُقْسِمُ
بِٱلشَّفَقِ ﴿١٦﴾ وَٱلَّيْلِ وَمَا وَسَقَ ﴿١٧﴾ وَٱلْقَمَرِ إِذَا ٱتَّسَقَ ﴿١٨﴾
لَتَرْكَبُنَّ طَبَقًا عَن طَبَقٍ ﴿١٩﴾ فَمَا لَهُمْ لَا يُؤْمِنُونَ ﴿٢٠﴾ وَإِذَا قُرِئَ
عَلَيْهِمُ ٱلْقُرْءَانُ لَا يَسْجُدُونَ ۩ ﴿٢١﴾ بَلِ ٱلَّذِينَ كَفَرُوا۟ يُكَذِّبُونَ
﴿٢٢﴾ وَٱللَّهُ أَعْلَمُ بِمَا يُوعُونَ ﴿٢٣﴾ فَبَشِّرْهُم بِعَذَابٍ أَلِيمٍ ﴿٢٤﴾

ثلاثة أرباع الحزب ٥٩

سَجْدَة

34. Fa ny androany kosa dia hihomehy an'ireo tsy mpino ireo izay nino.
35. Eo ambonin'ny seza fiandrianana izy ireo no mitazana
36. Moa ve nahazo valin' asa nataon'izy ireo ny tsy mpino ?

## TOKO AL-INSHIKAK (NY FITRIARANA)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Rehefa nitriatra ny lanitra
2. Sy nakatoa (hanaja) ny tompony ka nanantanteraka tanteraka ny baikony
3. Ary rehefa mitovy tantana ny tany
4. Sy nanipy izay tao anatiny, koa hofoana
5. Sy nanaja ny tompony ka hanatanteraka tanteraka ny baikony
6. O ry olombelona ! ianao tena tsy mitsahatra manantona hatrany ny tomponao, hiaona aminy tokoa ianao.
7. Koa izay tolorana ny boky amin'ny tanana ankavanany
8. Dia hotsaraina amin'ny fomba mora
9. Sy hiverina ampifaliana any amin'ny fianakaviany izy
10. Fa ho an'izay tolorana boky avy ao andamosina kosa
11. Dia hiantsoantso ny hanapotehana ny tenany
12. Sy hiditra ao anatin'ny afo-be ( SAIRY) izy
13. Nifaly tokoa teo anivon'ireo fianakaviany izy teo aloha
14. Nihevitra izy fa tsy hiverina any amin'ny Tompony intsony
15. Kanefa kosa, tena marina ny Tompony dia nahita azy tsara
16. Tsia, hianiavako amin'ny faravodilanitra
17. Mianiana amin'ny alina mbamin'izay fonosiny
18. Mianiana amin'ny volana fenomanana rehefa mibaliaka
19. Tena hizotra amin'ny dingana samihafa ianareo
20. Koa inona moa no tsy mampino azy ireo !
21. Ary rehefa toriana amin'izy ireo ny KOROANY dia tsy miankohoka izy ireo
22. Kanefa ireo izay tsy mino nitory ho lainga
23. Nefa Allah mahafantatra tsara ireo izay afenimpenin'izy ireo
24. Lazao azy ireo ny famaizana mangirifiry

إِلَّا ٱلَّذِينَ ءَامَنُواْ وَعَمِلُواْ ٱلصَّٰلِحَٰتِ لَهُمۡ أَجۡرٌ غَيۡرُ مَمۡنُونِۭ ٢٥

## سُورَةُ البُرُوجِ

بِسۡمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحۡمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

وَٱلسَّمَآءِ ذَاتِ ٱلۡبُرُوجِ ١ وَٱلۡيَوۡمِ ٱلۡمَوۡعُودِ ٢ وَشَاهِدٖ وَمَشۡهُودٖ
٣ قُتِلَ أَصۡحَٰبُ ٱلۡأُخۡدُودِ ٤ ٱلنَّارِ ذَاتِ ٱلۡوَقُودِ ٥ إِذۡ هُمۡ عَلَيۡهَا
قُعُودٞ ٦ وَهُمۡ عَلَىٰ مَا يَفۡعَلُونَ بِٱلۡمُؤۡمِنِينَ شُهُودٞ ٧ وَمَا نَقَمُواْ
مِنۡهُمۡ إِلَّآ أَن يُؤۡمِنُواْ بِٱللَّهِ ٱلۡعَزِيزِ ٱلۡحَمِيدِ ٨ ٱلَّذِي لَهُۥ مُلۡكُ
ٱلسَّمَٰوَٰتِ وَٱلۡأَرۡضِۚ وَٱللَّهُ عَلَىٰ كُلِّ شَيۡءٖ شَهِيدٌ ٩ إِنَّ ٱلَّذِينَ
فَتَنُواْ ٱلۡمُؤۡمِنِينَ وَٱلۡمُؤۡمِنَٰتِ ثُمَّ لَمۡ يَتُوبُواْ فَلَهُمۡ عَذَابُ جَهَنَّمَ وَلَهُمۡ
عَذَابُ ٱلۡحَرِيقِ ١٠ إِنَّ ٱلَّذِينَ ءَامَنُواْ وَعَمِلُواْ ٱلصَّٰلِحَٰتِ لَهُمۡ
جَنَّٰتٞ تَجۡرِي مِن تَحۡتِهَا ٱلۡأَنۡهَٰرُۚ ذَٰلِكَ ٱلۡفَوۡزُ ٱلۡكَبِيرُ ١١ إِنَّ بَطۡشَ
رَبِّكَ لَشَدِيدٌ ١٢ إِنَّهُۥ هُوَ يُبۡدِئُ وَيُعِيدُ ١٣ وَهُوَ ٱلۡغَفُورُ ٱلۡوَدُودُ ١٤
ذُو ٱلۡعَرۡشِ ٱلۡمَجِيدُ ١٥ فَعَّالٞ لِّمَا يُرِيدُ ١٦ هَلۡ أَتَىٰكَ حَدِيثُ ٱلۡجُنُودِ
١٧ فِرۡعَوۡنَ وَثَمُودَ ١٨ بَلِ ٱلَّذِينَ كَفَرُواْ فِي تَكۡذِيبٖ ١٩ وَٱللَّهُ مِن
وَرَآئِهِم مُّحِيطُۢ ٢٠ بَلۡ هُوَ قُرۡءَانٞ مَّجِيدٞ ٢١ فِي لَوۡحٖ مَّحۡفُوظِۭ ٢٢

25. Afa-tsy izay nino, sy nanao asa soa dia hahazo valisoa tsy hisy fetrany

## TOKO AL–BOROJY (NY ANTOKON-KINTANA)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Mianiana amin'ny lanitra feno ireo antokon-kintana
2. Mianiana amin'ny andro nampanantenaina(andro farany, fitsanganana amin'ny maty)
3. Mianiana amin'ny vavolombelona sy ny amin'izay itsanganany vavolombelona
4. Novonoina ireo olon'ny OHODODY
5. Amin'ny afo feno zavatra mora mirehitra
6. Rehefa nipetraka teo amin'ny manodidina an'izany izy ireo
7. Ary izy ireo dia vavolombelon'ny zavatra nataon-dreo tamin'ireo mpino
8. Ary tsy nankahala ireo mpino izy ireo afa-tsy noho ny finoana an'Allah, ilay Mahery sy Be voninahitra
9. Izay Tompon'ireo lanitra sy ny tany, ary Allah ilay vavolombelona amin'ny zava- drehetra
10. Ireo izay tena nanery an'ireo mpino lahy sy vavy tamin'ny fitsapana ary tsy nahay nibebaka dia ho an'izy ireo famaizana amin'ny afo-be sy famaizana fandoro
11. Ireo izay nino sy nanao asa soa, dia natao ho an'izy ireo ny Zaridaina maro be, misy rano mikoriana avy ao ambaniny. Izany no fahombiazana lehibe.
12. Tsindry hazolenan'ny Tomponao dia mahery vaika
13. Izy no manomboka sy mamerina indray
14. Ary Izy no mpamela heloka sy be fitiavana
15. Tompon'ny sezam-boninahitra
16. Mpanatanteraka izay tiany (ilainy)
17. Moa ve efa tonga taminao ny tantaran'ireo miaramila ?
18. Faraona sy Tamody
19. Fa ireo izay tsy mino dia miziriziry amin'ny lainga
20. Ary Allah mamefy avy ao aorian'izy ireo
21. Na dia izany aza, izy io dia Koroany Be voninahitra
22. Voatahiry amin'ny solaitra voa aro

## سُورَةُ الطَّارِقِ

بِسْمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحْمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

وَٱلسَّمَآءِ وَٱلطَّارِقِ ١ وَمَآ أَدْرَىٰكَ مَا ٱلطَّارِقُ ٢ ٱلنَّجْمُ ٱلثَّاقِبُ
٣ إِن كُلُّ نَفْسٍ لَّمَّا عَلَيْهَا حَافِظٌ ٤ فَلْيَنظُرِ ٱلْإِنسَٰنُ مِمَّ خُلِقَ ٥
خُلِقَ مِن مَّآءٍ دَافِقٍ ٦ يَخْرُجُ مِنۢ بَيْنِ ٱلصُّلْبِ وَٱلتَّرَآئِبِ ٧ إِنَّهُۥ عَلَىٰ
رَجْعِهِۦ لَقَادِرٌ ٨ يَوْمَ تُبْلَى ٱلسَّرَآئِرُ ٩ فَمَا لَهُۥ مِن قُوَّةٍ وَلَا نَاصِرٍ
١٠ وَٱلسَّمَآءِ ذَاتِ ٱلرَّجْعِ ١١ وَٱلْأَرْضِ ذَاتِ ٱلصَّدْعِ ١٢ إِنَّهُۥ
لَقَوْلٌ فَصْلٌ ١٣ وَمَا هُوَ بِٱلْهَزْلِ ١٤ إِنَّهُمْ يَكِيدُونَ كَيْدًا ١٥
وَأَكِيدُ كَيْدًا ١٦ فَمَهِّلِ ٱلْكَٰفِرِينَ أَمْهِلْهُمْ رُوَيْدًۢا ١٧

## سُورَةُ الأَعْلَى

بِسْمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحْمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

سَبِّحِ ٱسْمَ رَبِّكَ ٱلْأَعْلَى ١ ٱلَّذِى خَلَقَ فَسَوَّىٰ ٢ وَٱلَّذِى قَدَّرَ فَهَدَىٰ
٣ وَٱلَّذِىٓ أَخْرَجَ ٱلْمَرْعَىٰ ٤ فَجَعَلَهُۥ غُثَآءً أَحْوَىٰ ٥ سَنُقْرِئُكَ
فَلَا تَنسَىٰٓ ٦ إِلَّا مَا شَآءَ ٱللَّهُ إِنَّهُۥ يَعْلَمُ ٱلْجَهْرَ وَمَا يَخْفَىٰ ٧ وَنُيَسِّرُكَ
لِلْيُسْرَىٰ ٨ فَذَكِّرْ إِن نَّفَعَتِ ٱلذِّكْرَىٰ ٩ سَيَذَّكَّرُ مَن يَخْشَىٰ ١٠

الحِزْبُ ٦٠

## TOKO AT–TARIK
## (NY KINTANA MAMPAZAVA AMIN'NY ALINA)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Mianiana amin'ny lanitra sy ny kintana mpanazava amin'ny alina
2. Ary moa mba fantatrao, inona izany kintana mpanazava amin'ny alina izany ?
3. Ny kintana mahery hazavana
4. Ny Fanahy tsirairay dia tsy maintsy misy mpiambina
5. Koa aoka mba hijery ny olombelona avy amin'inona no namoronana azy
6. Noforonina izy avy amin'ny rano mipotsiatra (ranon'aina)
7. Mivoaka avy eo anelanelan'ny taolan-damosina sy ny valahana
8. Tena afaka hamerina azy indray mandeha Izy
9. Amin'ny andro izay hanamborahan'ny fo ireo zava-miafina rehetra
10. Ka izy dia tsy hanana hery sy mpamonjy
11. Mianiana amin'ny lanitra izay mandatsaka indray ny orana
12. Mianiana amin'ny tany izay mivaky
13. Izy io tena marina dia teny fanavahana
14. Ary izany tena tsy vazivazy
15. Tena nampiasa hafetsen-dratsy izy ireo (ireo tsy mpino)
16. Ary izaho koa hametsy amin'ny tena hafetsena
17. Omeo fotoana kely ireo tsy mpino, sy ekeo ho azy ireo ny fotoana kely monja

## TOKO AL-A'LA
## (ILAY AVO INDRINDRA)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Omeo voninahitra ny anaran'ny Tomponao, ilay avo indrindra
2. Ilay nahary ka nampitovy tantana
3. Sy ilay nametra ny anjara sy nanoro ny làlana
4. Ary ilay namoaka ny ahi-maintso
5. Ary nanao an'izany ho vilo-maina
6. Hampamakianay anao (ny korany) mba tsy hadinonao
7. Afa-tsy izay sitrak'Allah, Izy irery no tena mahafantatra ny mibaribary sy izay miafina
8. Ary hamorainay ny faran' izay mora indrindra ho anao ny làlana
9. Koa aoka ianao hanao fampahatsiarovana raha mbola mety hitera-bokatsoa ny fampahatsiarovana
10. Ahatsiaro tena izay manana fatahorana

وَيَتَجَنَّبُهَا ٱلۡأَشۡقَى ١١ ٱلَّذِي يَصۡلَى ٱلنَّارَ ٱلۡكُبۡرَىٰ ١٢ ثُمَّ لَا يَمُوتُ
فِيهَا وَلَا يَحۡيَىٰ ١٣ قَدۡ أَفۡلَحَ مَن تَزَكَّىٰ ١٤ وَذَكَرَ ٱسۡمَ رَبِّهِۦ فَصَلَّىٰ ١٥
بَلۡ تُؤۡثِرُونَ ٱلۡحَيَوٰةَ ٱلدُّنۡيَا ١٦ وَٱلۡأٓخِرَةُ خَيۡرٞ وَأَبۡقَىٰٓ ١٧ إِنَّ
هَٰذَا لَفِي ٱلصُّحُفِ ٱلۡأُولَىٰ ١٨ صُحُفِ إِبۡرَٰهِيمَ وَمُوسَىٰ ١٩

## سُورَةُ الغَاشِيَةِ

بِسۡمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحۡمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

هَلۡ أَتَىٰكَ حَدِيثُ ٱلۡغَٰشِيَةِ ١ وُجُوهٞ يَوۡمَئِذٍ خَٰشِعَةٌ ٢ عَامِلَةٞ
نَّاصِبَةٞ ٣ تَصۡلَىٰ نَارًا حَامِيَةٗ ٤ تُسۡقَىٰ مِنۡ عَيۡنٍ ءَانِيَةٖ ٥ لَّيۡسَ
لَهُمۡ طَعَامٌ إِلَّا مِن ضَرِيعٖ ٦ لَّا يُسۡمِنُ وَلَا يُغۡنِي مِن جُوعٖ ٧ وُجُوهٞ
يَوۡمَئِذٖ نَّاعِمَةٞ ٨ لِّسَعۡيِهَا رَاضِيَةٞ ٩ فِي جَنَّةٍ عَالِيَةٖ ١٠ لَّا تَسۡمَعُ
فِيهَا لَٰغِيَةٗ ١١ فِيهَا عَيۡنٞ جَارِيَةٞ ١٢ فِيهَا سُرُرٞ مَّرۡفُوعَةٞ ١٣ وَأَكۡوَابٞ
مَّوۡضُوعَةٞ ١٤ وَنَمَارِقُ مَصۡفُوفَةٞ ١٥ وَزَرَابِيُّ مَبۡثُوثَةٌ ١٦ أَفَلَا يَنظُرُونَ
إِلَى ٱلۡإِبِلِ كَيۡفَ خُلِقَتۡ ١٧ وَإِلَى ٱلسَّمَآءِ كَيۡفَ رُفِعَتۡ ١٨ وَإِلَى
ٱلۡجِبَالِ كَيۡفَ نُصِبَتۡ ١٩ وَإِلَى ٱلۡأَرۡضِ كَيۡفَ سُطِحَتۡ ٢٠
فَذَكِّرۡ إِنَّمَآ أَنتَ مُذَكِّرٞ ٢١ لَّسۡتَ عَلَيۡهِم بِمُصَيۡطِرٍ ٢٢

11. Sy hanalavitra an'izany kosa ireo olon'ny fijaliana
12. Izay hiditra ao anatin'ny afo-be indrindra
13. Avy eo dia sady tsy ho faty izy ireo ao no sady tsy ho velona koa
14. Tena nahazo fahombiazana izay nanadio ny tenany (fanahiny)
15. Sy nahatsiaro ny anaran'ny Tompony ka nanao Salat (fanompoampivavahana)
16. Nefa indrisy! ankafizinareo loatra ny fiainana eto ambonin'ny tany
17. Nefa ny fiainana any amin'ny farany dia tsara indrindra no tena maharitra
18. Eny izany dia efa ao anatin'ireo Takelaka teo taloha
19. Takelakin' i Abrahama sy Mosesy

## TOKO AL-GHASIA (ILAY MANARONA)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Moa ve efa tafita tany aminao ny tantaran'ilay manarona?
2. Hisy endrika amin'izany fotoana izany ao anatin'ny fahatahorana
3. Sahirana sy reraka
4. Ka hiditra ao anatin'ny afo-be mamaivay
5. Sy hampisotroana amin'ny loharano mangotraka be
6. Tsy hisy hanan-kohanina izy ireo afa-tsy ny ravin-tsilo
7. Tsy mampatavy ary koa tsy mahafaka hanoanana
8. Hisy endrika amin'izany fotoana izany ao anatin'ny hafaliana
9. Afa-po tamin'ny ezaka vitany
10. Ao anatin'ny Paradisa avo indrindra
11. Ka tsy haheno teny maloto izy ireo ao anatin'izany
12. Misy ao anatin'izany loharano mikoriana
13. Misy ao anatin'izany fandriana voasandratra
14. Sy ireo kaopy voahomana
15. Sy ireo ondana marobe tsara lahatra
16. Ary ireo lamaka voavelatra
17. Tsy mba jeren'izy ireo ve ahoana no namoronana ny rameva ?
18. Sy ny lanitra ahoana no nampiakarana azy ?
19. Sy ireo tendrombohitra nanao ahoana no nametrahana azy?
20. Ary ny tany ahoana no nampitoviana tantana azy.
21. Koa ataovy ny fampahatsiarovana ! tsy misy afa-tsy mpampahatsiahy ianao
22. Tsy natao hanery azy ireo akory ianao

إِلَّا مَن تَوَلَّىٰ وَكَفَرَ ٢٣ فَيُعَذِّبُهُ ٱللَّهُ ٱلۡعَذَابَ ٱلۡأَكۡبَرَ ٢٤
إِنَّ إِلَيۡنَآ إِيَابَهُمۡ ٢٥ ثُمَّ إِنَّ عَلَيۡنَا حِسَابَهُم ٢٦

## سُورَةُ الفَجۡرِ

بِسۡمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحۡمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

وَٱلۡفَجۡرِ ١ وَلَيَالٍ عَشۡرٖ ٢ وَٱلشَّفۡعِ وَٱلۡوَتۡرِ ٣ وَٱلَّيۡلِ إِذَا يَسۡرِ ٤
هَلۡ فِي ذَٰلِكَ قَسَمٞ لِّذِي حِجۡرٍ ٥ أَلَمۡ تَرَ كَيۡفَ فَعَلَ رَبُّكَ بِعَادٍ ٦
إِرَمَ ذَاتِ ٱلۡعِمَادِ ٧ ٱلَّتِي لَمۡ يُخۡلَقۡ مِثۡلُهَا فِي ٱلۡبِلَٰدِ ٨ وَثَمُودَ ٱلَّذِينَ
جَابُواْ ٱلصَّخۡرَ بِٱلۡوَادِ ٩ وَفِرۡعَوۡنَ ذِي ٱلۡأَوۡتَادِ ١٠ ٱلَّذِينَ طَغَوۡاْ فِي
ٱلۡبِلَٰدِ ١١ فَأَكۡثَرُواْ فِيهَا ٱلۡفَسَادَ ١٢ فَصَبَّ عَلَيۡهِمۡ رَبُّكَ سَوۡطَ
عَذَابٍ ١٣ إِنَّ رَبَّكَ لَبِٱلۡمِرۡصَادِ ١٤ فَأَمَّا ٱلۡإِنسَٰنُ إِذَا مَا ٱبۡتَلَىٰهُ
رَبُّهُۥ فَأَكۡرَمَهُۥ وَنَعَّمَهُۥ فَيَقُولُ رَبِّيٓ أَكۡرَمَنِ ١٥ وَأَمَّآ إِذَا مَا ٱبۡتَلَىٰهُ
فَقَدَرَ عَلَيۡهِ رِزۡقَهُۥ فَيَقُولُ رَبِّيٓ أَهَٰنَنِ ١٦ كَلَّاۖ بَل لَّا تُكۡرِمُونَ
ٱلۡيَتِيمَ ١٧ وَلَا تَحَٰٓضُّونَ عَلَىٰ طَعَامِ ٱلۡمِسۡكِينِ ١٨ وَتَأۡكُلُونَ
ٱلتُّرَاثَ أَكۡلٗا لَّمّٗا ١٩ وَتُحِبُّونَ ٱلۡمَالَ حُبّٗا جَمّٗا ٢٠ كَلَّآۖ إِذَا
دُكَّتِ ٱلۡأَرۡضُ دَكّٗا دَكّٗا ٢١ وَجَآءَ رَبُّكَ وَٱلۡمَلَكُ صَفّٗا صَفّٗا ٢٢

23. Afa-tsy izay niamboho sady tsy nino
24. Koa hofaizin'ny Allah amin'ny famaizana mafy indrindra izy
25. Mbola aty Aminay ihany ny fiverenan'izy ireo
26. Avy eo izahay indrindra no manome valin'asan'izy ireo.

## TOKO AL-FAJR (NY VAO MARAINA)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Mianiana amin'ny vao maraina,
2. Mianiana amin'ny alina folo,
3. Mianiana amin'ny ankasa sy ny tsy ankasa,
4. Mianiana amin'ny alina rehefa manamboho (alina madiva hifarana),
5. Moa ve tsy fianianana izany ho an'izay manan-tsaina ?
6. Moa ve tsy hitanao ahoana ny nanaovan'ny Tomponao an'i AAD?
7. IRAMA, ilay feno andry maro be
8. Izay tsy hary misy tanàna voamboatra tahaka izany
9. Sy TAMODO izay nandrantsana vatobe ao andohasaha ?
10. Ary i Faraona, mbamin'ny tsatokazo marani-doha
11. Ireo izay nahavani-doza tao an-tanana
12. Ka nampitombo tao ny zava-dratsy
13. Dia nandefasan'ny Tomponao ny karavasy famaizana tamin'izy ireo
14. Tena marina fa ny Tomponao dia manaramaso fatratra
15. Fa ny olombelona kosa rehefa tsapain'ny Allah, ka nomeny voninahitra sy fahasoavana dia hoy izy hoe "Nomen'ny Tompoko voninahitra aho !
16. Ary rehefa notsapainy kosa izy ka noferany ny anjarany dia hoy izy hoe "Nanala baraka ahy ny Tompoko"
17. Tsy izany anefa, fa ianareo dia nanao tsinotsinona ny zaza kamboty
18. Ary tsy mba nifamporisika ianareo tamin'ny fanomezan- tsakafo ny mahantra
19. Ary nanara-po tamin'ny fandaniana ny lova be ianareo
20. Sy mitia harena tafahoatra ianareo
21. Tandremonareo ! fa rehefa hihorohoro izay tsy izy ny tany
22. Sy tonga ao an-daharana avokoa ny Tomponao sy ny anjely

وَجِاْيٓءَ يَوْمَئِذِۭ بِجَهَنَّمَۚ يَوْمَئِذٍ يَتَذَكَّرُ ٱلْإِنسَٰنُ وَأَنَّىٰ
لَهُ ٱلذِّكْرَىٰ ٢٣ يَقُولُ يَٰلَيْتَنِى قَدَّمْتُ لِحَيَاتِى ٢٤ فَيَوْمَئِذٍ
لَّا يُعَذِّبُ عَذَابَهُۥٓ أَحَدٌ ٢٥ وَلَا يُوثِقُ وَثَاقَهُۥٓ أَحَدٌ ٢٦ يَٰٓأَيَّتُهَا
ٱلنَّفْسُ ٱلْمُطْمَئِنَّةُ ٢٧ ٱرْجِعِىٓ إِلَىٰ رَبِّكِ رَاضِيَةً مَّرْضِيَّةً ٢٨
فَٱدْخُلِى فِى عِبَٰدِى ٢٩ وَٱدْخُلِى جَنَّتِى ٣٠

## سُورَةُ البَلَدِ

بِسْمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحْمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

لَآ أُقْسِمُ بِهَٰذَا ٱلْبَلَدِ ١ وَأَنتَ حِلٌّۢ بِهَٰذَا ٱلْبَلَدِ ٢ وَوَالِدٍ وَمَا وَلَدَ
٣ لَقَدْ خَلَقْنَا ٱلْإِنسَٰنَ فِى كَبَدٍ ٤ أَيَحْسَبُ أَن لَّن يَقْدِرَ عَلَيْهِ
أَحَدٌ ٥ يَقُولُ أَهْلَكْتُ مَالًا لُّبَدًا ٦ أَيَحْسَبُ أَن لَّمْ يَرَهُۥٓ أَحَدٌ
٧ أَلَمْ نَجْعَل لَّهُۥ عَيْنَيْنِ ٨ وَلِسَانًا وَشَفَتَيْنِ ٩ وَهَدَيْنَٰهُ
ٱلنَّجْدَيْنِ ١٠ فَلَا ٱقْتَحَمَ ٱلْعَقَبَةَ ١١ وَمَآ أَدْرَىٰكَ مَا ٱلْعَقَبَةُ ١٢
فَكُّ رَقَبَةٍ ١٣ أَوْ إِطْعَٰمٌ فِى يَوْمٍ ذِى مَسْغَبَةٍ ١٤ يَتِيمًا ذَا مَقْرَبَةٍ
١٥ أَوْ مِسْكِينًا ذَا مَتْرَبَةٍ ١٦ ثُمَّ كَانَ مِنَ ٱلَّذِينَ ءَامَنُوا۟ وَتَوَاصَوْا۟
بِٱلصَّبْرِ وَتَوَاصَوْا۟ بِٱلْمَرْحَمَةِ ١٧ أُو۟لَٰٓئِكَ أَصْحَٰبُ ٱلْمَيْمَنَةِ ١٨

ربع الحزب ٦٠

23. Sy entina eo koa amin'io andro io ny afo-be, dia ahatsiaro tena amin'io andro io ny olombelona nefa moa inona intsony no tombotsoan'ny fahatsiarovana ?
24. Milaza izy manao hoe "raha mba nanomana ny amin'ny fiainako aho !"
25. Amin'io andro io ary dia tsy misy hanatsazy mitovy amin'ny saziny
26. Sy tsy misy hanakenda mitovy amin'ny fanakendany
27. O ry fanahy mitony !
28. Miverena amin'ny Tomponao am-pitoniana sy feno fankasitrahana
29. Mandrosoa anisan'ny Mpanompoko
30. Dia mandrosoa amin'ny Paradisako

## TOKO AL-BALAD (NY TANANA)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Tsia .... Hianiavako amin'ity Tanàna ity
2. Sy ianao anisan'ny mponina mitoetra amin'ity tanana ity
3. Ary amin'ny Ray niteraka sy izay nateraka
4. Efa noharianay ny olombelona mba hiaina ao anatin'ny fahoriana
5. Mihevitra izy ve, fa tsy misy na dia iray aza afaka hanasazy azy ?
6. Milaza izy fa : " Nandany foana ny harena maro aho"
7. Mihevitra izy ve, fa tsy misy mahita azy na dia iray aza ?
8. Moa ve tsy efa nomenay maso roa izy ?
9. Sy lela sy molotra roa ?
10. Ary natoronay azy ny làlana roa
11. Nefa tsy niditra antsehatra hiaka-piakarana mananosarotra izy
12. Mba fantatrao moa, inona izany fiakarana mananosarotra izany ?
13. Famotsorana andevo,
14. Na mampihinana sakafo amin'ny andron'ny mosary
15. Zaza kamboty ao anatin'ny fianakaviana
16. Na mahantra feno vovoka
17. Avy eo dia anisan'ireo mpino, izay nifananatra ampankatiavana amin'ny fiaretana sy nifananatra amin'ny fifamindram-po
18. Izy ireny no olon'ny an-kavanana

وَٱلَّذِينَ كَفَرُواْ بِـَٔايَـٰتِنَا هُمْ أَصْحَـٰبُ ٱلْمَشْـَٔمَةِ ﴿١٩﴾ عَلَيْهِمْ نَارٌ مُّؤْصَدَةٌۢ ﴿٢٠﴾

## سُورَةُ الشَّمْسِ

بِسْمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحْمَـٰنِ ٱلرَّحِيمِ

وَٱلشَّمْسِ وَضُحَىٰهَا ﴿١﴾ وَٱلْقَمَرِ إِذَا تَلَىٰهَا ﴿٢﴾ وَٱلنَّهَارِ إِذَا جَلَّىٰهَا
﴿٣﴾ وَٱلَّيْلِ إِذَا يَغْشَىٰهَا ﴿٤﴾ وَٱلسَّمَآءِ وَمَا بَنَىٰهَا ﴿٥﴾ وَٱلْأَرْضِ
وَمَا طَحَىٰهَا ﴿٦﴾ وَنَفْسٍ وَمَا سَوَّىٰهَا ﴿٧﴾ فَأَلْهَمَهَا فُجُورَهَا
وَتَقْوَىٰهَا ﴿٨﴾ قَدْ أَفْلَحَ مَن زَكَّىٰهَا ﴿٩﴾ وَقَدْ خَابَ مَن دَسَّىٰهَا
﴿١٠﴾ كَذَّبَتْ ثَمُودُ بِطَغْوَىٰهَآ ﴿١١﴾ إِذِ ٱنۢبَعَثَ أَشْقَىٰهَا ﴿١٢﴾ فَقَالَ لَهُمْ
رَسُولُ ٱللَّهِ نَاقَةَ ٱللَّهِ وَسُقْيَـٰهَا ﴿١٣﴾ فَكَذَّبُوهُ فَعَقَرُوهَا فَدَمْدَمَ
عَلَيْهِمْ رَبُّهُم بِذَنۢبِهِمْ فَسَوَّىٰهَا ﴿١٤﴾ وَلَا يَخَافُ عُقْبَـٰهَا ﴿١٥﴾

## سُورَةُ اللَّيْلِ

بِسْمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحْمَـٰنِ ٱلرَّحِيمِ

وَٱلَّيْلِ إِذَا يَغْشَىٰ ﴿١﴾ وَٱلنَّهَارِ إِذَا تَجَلَّىٰ ﴿٢﴾ وَمَا خَلَقَ ٱلذَّكَرَ وَٱلْأُنثَىٰٓ ﴿٣﴾
إِنَّ سَعْيَكُمْ لَشَتَّىٰ ﴿٤﴾ فَأَمَّا مَنْ أَعْطَىٰ وَٱتَّقَىٰ ﴿٥﴾ وَصَدَّقَ بِٱلْحُسْنَىٰ ﴿٦﴾
فَسَنُيَسِّرُهُۥ لِلْيُسْرَىٰ ﴿٧﴾ وَأَمَّا مَنۢ بَخِلَ وَٱسْتَغْنَىٰ ﴿٨﴾ وَكَذَّبَ بِٱلْحُسْنَىٰ ﴿٩﴾

19. Fa ireo izay tsy nino ny fanambaranay, izy ireny no olon'ny an-kavia
20. Ho tototry ny afo izy ireo.

## TOKO ASAMSO (NY MASOANDRO)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Mianiana amin'ny masoandro sy ny hazavany miakatra
2. Mianiana amin'ny volana rehefa izy mandimby azy
3. Mianiana amin'ny andro rehefa izy manazava azy
4. Mianiana amin'ny alina rehefa izy mandrakotra azy
5. Mianiana amin'ny lanitra sy izay nanorina azy
6. Mianiana amin'ny tany sy izay namelatra azy
7. Mianiana amin'ny fanahy sy izay namolavola tsara azy
8. Nampahalalany azy ny harantsiam-panahiny sy ny fatahorany
9. Sambatra tokoa izay manadio azy
10. Ary tena very izay manimba azy
11. Nitory lainga ireo TAMODY noho ny fandikany didy aman-dalàna
12. Raha nitsangana ny iray izay ratsy fanahy indrindra tamin'izy ireo
13. Ka nilaza tamin'izy ireo ny irak'Allah nanao hoe: Tandremo! Ramevan'Allah avelao hisotro rano
14. Dia noraisin'izy ireo ho mpandainga izy, ary novonoin'izy ireo ilay izy (Rameva), ka nolevonin'ny Tompony izy ireo noho ny fahotanan'izireo ka nirapaka tamin'ny rehetra ny sazy
15. Ary tsy matahotra ny mety ho vokany farany Izy

## TOKO AL-LAYL (NY ALINA)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Mianiana amin'ny alina, rehefa mandrakotra
2. Mianiana amin'ny andro rehefa mazava mamirapiratra
3. Mianiana amin'ny alalan'izay nanamboarany ny lahy sy vavy
4. Ny ezaka maro ataonareo dia tena mifanohitra
5. Koa izay manome sy matahotra
6. Sy manaiky marina ny valisoa tena tsara
7. Ho hamorainay aminy tokoa ny làlana mankany amin'ny fahasambarana lehibe
8. Fa izay mahihitra sy miantehatra amin'ny tenany
9. Sy milaza ho lainga ny valisoa tena tsara

فَسَنُيَسِّرُهُۥ لِلۡعُسۡرَىٰ ١٠ وَمَا يُغۡنِي عَنۡهُ مَالُهُۥٓ إِذَا تَرَدَّىٰٓ ١١ إِنَّ عَلَيۡنَا
لَلۡهُدَىٰ ١٢ وَإِنَّ لَنَا لَلۡأٓخِرَةَ وَٱلۡأُولَىٰ ١٣ فَأَنذَرۡتُكُمۡ نَارٗا تَلَظَّىٰ ١٤
لَا يَصۡلَىٰهَآ إِلَّا ٱلۡأَشۡقَى ١٥ ٱلَّذِي كَذَّبَ وَتَوَلَّىٰ ١٦ وَسَيُجَنَّبُهَا
ٱلۡأَتۡقَى ١٧ ٱلَّذِي يُؤۡتِي مَالَهُۥ يَتَزَكَّىٰ ١٨ وَمَا لِأَحَدٍ عِندَهُۥ مِن نِّعۡمَةٖ
تُجۡزَىٰٓ ١٩ إِلَّا ٱبۡتِغَآءَ وَجۡهِ رَبِّهِ ٱلۡأَعۡلَىٰ ٢٠ وَلَسَوۡفَ يَرۡضَىٰ ٢١

## سُورَةُ الضُّحَى

بِسۡمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحۡمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

وَٱلضُّحَىٰ ١ وَٱلَّيۡلِ إِذَا سَجَىٰ ٢ مَا وَدَّعَكَ رَبُّكَ وَمَا قَلَىٰ ٣
وَلَلۡأٓخِرَةُ خَيۡرٞ لَّكَ مِنَ ٱلۡأُولَىٰ ٤ وَلَسَوۡفَ يُعۡطِيكَ رَبُّكَ
فَتَرۡضَىٰٓ ٥ أَلَمۡ يَجِدۡكَ يَتِيمٗا فَـَٔاوَىٰ ٦ وَوَجَدَكَ ضَآلّٗا فَهَدَىٰ
٧ وَوَجَدَكَ عَآئِلٗا فَأَغۡنَىٰ ٨ فَأَمَّا ٱلۡيَتِيمَ فَلَا تَقۡهَرۡ ٩
وَأَمَّا ٱلسَّآئِلَ فَلَا تَنۡهَرۡ ١٠ وَأَمَّا بِنِعۡمَةِ رَبِّكَ فَحَدِّثۡ ١١

## سُورَةُ الشَّرح

بِسۡمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحۡمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

أَلَمۡ نَشۡرَحۡ لَكَ صَدۡرَكَ ١ وَوَضَعۡنَا عَنكَ وِزۡرَكَ ٢

نصف الحزب ٦٠

10. Ho hamorainay aminy tokoa ny làlana mankany amin'ny fahasahiranana lehibe
11. Tsy hanavotra azy velively ny harenany rehefa harendrika izy
12. Tena izy, anjaranay ny manoro làlana
13. Ary anay marina ny any ankoatra sy ny ankehitriny
14. Efa nampitandremako anareo ny afo-be miredareda
15. Tsy ho voadoro ao afa-tsy ny tena ratsy fanahy
16. Izay nampandainga sy niamboho
17. Ary ho halavirina amin'izany ny tena matahotra
18. Izay nanolotra ny harenany mba hanadiovany ny tenany
19. Nefa tsy misy na dia iray aza manana fahasoavana eo aminy ahazoana valisoa
20. Afa-tsy ny fitadiavany ny hiatri-tava amin'ny Tompony avo indrindra
21. Ary tena ho afa-po izy

## TOKO AD-DOUHA
## (NY FISANDRATAN'NY ANDRO)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Mianiana amin'ny fisandratan'ny andro
2. Mianiana amin'ny alina rehefa miha-mandrakotra
3. Tsy nandao anao ny tomponao sy tsy nankahala anao
4. Eny ! ny any ankoatra dia tsara ho anao noho ny ankehitriny
5. Sy hanome anao tokoa ny Tomponao ka ho afa-po ianao
6. Moa ve tsy kamboty no nahitany anao ka noraisiny ?
7. Sy hitany tao anatin'ny fahaverezana ianao ka nahitsiny
8. Ary hitany nahantra ianao ka nomeny harena
9. Ny zaza kamboty kosa dia aza hampahoriana
10. Ny mpangataka kosa dia aza ahilikilika
11. Ny fahasoavana avy amin'ny Tomponao kosa dia tantarao

## TOKO ACH-CHAR'H
## (NY FANOKAFANA)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Moa ve tsy efa nosokafanay ho anao ny fonao ?
2. Sy efa noesorinay taminao ny havesarana ?

ٱلَّذِيٓ أَنقَضَ ظَهْرَكَ ٣ وَرَفَعْنَا لَكَ ذِكْرَكَ ٤ فَإِنَّ مَعَ ٱلْعُسْرِ يُسْرًا ٥
إِنَّ مَعَ ٱلْعُسْرِ يُسْرًا ٦ فَإِذَا فَرَغْتَ فَٱنصَبْ ٧ وَإِلَىٰ رَبِّكَ فَٱرْغَب ٨

## سُورَةُ التِّينِ

بِسْمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحْمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

وَٱلتِّينِ وَٱلزَّيْتُونِ ١ وَطُورِ سِينِينَ ٢ وَهَٰذَا ٱلْبَلَدِ ٱلْأَمِينِ ٣
لَقَدْ خَلَقْنَا ٱلْإِنسَٰنَ فِيٓ أَحْسَنِ تَقْوِيمٍ ٤ ثُمَّ رَدَدْنَٰهُ أَسْفَلَ سَٰفِلِينَ
٥ إِلَّا ٱلَّذِينَ ءَامَنُوا۟ وَعَمِلُوا۟ ٱلصَّٰلِحَٰتِ فَلَهُمْ أَجْرٌ غَيْرُ مَمْنُونٍ ٦
فَمَا يُكَذِّبُكَ بَعْدُ بِٱلدِّينِ ٧ أَلَيْسَ ٱللَّهُ بِأَحْكَمِ ٱلْحَٰكِمِينَ ٨

## سُورَةُ العَلَقِ

بِسْمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحْمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

ٱقْرَأْ بِٱسْمِ رَبِّكَ ٱلَّذِي خَلَقَ ١ خَلَقَ ٱلْإِنسَٰنَ مِنْ عَلَقٍ ٢ ٱقْرَأْ
وَرَبُّكَ ٱلْأَكْرَمُ ٣ ٱلَّذِي عَلَّمَ بِٱلْقَلَمِ ٤ عَلَّمَ ٱلْإِنسَٰنَ
مَا لَمْ يَعْلَمْ ٥ كَلَّآ إِنَّ ٱلْإِنسَٰنَ لَيَطْغَىٰٓ ٦ أَن رَّءَاهُ ٱسْتَغْنَىٰٓ
٧ إِنَّ إِلَىٰ رَبِّكَ ٱلرُّجْعَىٰٓ ٨ أَرَءَيْتَ ٱلَّذِي يَنْهَىٰ ٩ عَبْدًا
إِذَا صَلَّىٰٓ ١٠ أَرَءَيْتَ إِن كَانَ عَلَى ٱلْهُدَىٰٓ ١١ أَوْ أَمَرَ بِٱلتَّقْوَىٰٓ ١٢

3. Izay nandreraka ny lamosinao
4. Ary nasandratray avo ny lazanao ?
5. Koa, ao anatin'ny fahasarotana tokoa no misy ny fahamorana
6. Eny tokoa, fa ao anatin'ny fahasarotana tokoa no misy ny fahamorana
7. Koa rehefa malalaka ianao dia mitsangana
8. Ary mankany amin'ny Tomponao no ankafizo.

## TOKO AT-TIN (NY AVIAVY)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Mianiana amin'ny Aviavy sy ny oliva
2. Mianiana amin'ny tendrombohitra Sinaï
3. Mianiana amin'ity tanàna feno fandriam-pahalemanana ity
4. Marina tokoa fa noharianay ny olombelona amin'ny endrika tsara indrindra
5. Avy eo naverinay any amin'ny farany ambany indrindra izy
6. Afa-tsy ireo izay nino sy nanao asa soa, dia ho azy ireo ny valisoa tsy mety tapitra
7. Koa inona no mahatonga anao aorian'izany hilaza ho lainga ny fandraisana valisoa
8. Moa ve tsy Allah no hendry indrindra amin'ireo mpitsara?

## TOKO AL-ALAK (NY FIRAIKETANA)

*Amin'ny anaran' Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Vakio amin'ny anaran'ny Tomponao izay nahary,
2. Nahary ny olombelona avy tamin'ny firaiketana
3. Vakio ! Fa ny Tomponao no malala - tànana indrindra
4. Izay nampianatra amin'ny alalan'ny penina
5. Nampianatra ny olombelona ny zavatra tsy fantany
6. Tandremo tsy laza intsony !, ny olombelona tena lasa mpikomy
7. Rehefa nahita ny tenany fa "mahavita tena"
8. Nefa kosa, any amin'ny Tomponao tokoa ny fiverenana
9. Moa ve mba hitanao ilay mandrara (misakana) ?
10. Mpanompo rehefa hanao ny Salat (fanompoam-pivavahana)
11. Hitanao ve raha amin'ny làlana mahitsy izy ?
12. Na mandidy amin'ny fatahorana izy ?

أَرَءَيْتَ إِن كَذَّبَ وَتَوَلَّىٰٓ ﴿١٣﴾ أَلَمْ يَعْلَم بِأَنَّ ٱللَّهَ يَرَىٰ ﴿١٤﴾ كَلَّا لَئِن لَّمْ يَنتَهِ
لَنَسْفَعًۢا بِٱلنَّاصِيَةِ ﴿١٥﴾ نَاصِيَةٍ كَٰذِبَةٍ خَاطِئَةٍ ﴿١٦﴾ فَلْيَدْعُ نَادِيَهُۥ ﴿١٧﴾
سَنَدْعُ ٱلزَّبَانِيَةَ ﴿١٨﴾ كَلَّا لَا تُطِعْهُ وَٱسْجُدْ وَٱقْتَرِب ۩ ﴿١٩﴾

سجدة

## سُورَةُ القَدْرِ

بِسْمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحْمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

إِنَّآ أَنزَلْنَٰهُ فِى لَيْلَةِ ٱلْقَدْرِ ﴿١﴾ وَمَآ أَدْرَىٰكَ مَا لَيْلَةُ ٱلْقَدْرِ ﴿٢﴾
لَيْلَةُ ٱلْقَدْرِ خَيْرٌ مِّنْ أَلْفِ شَهْرٍ ﴿٣﴾ تَنَزَّلُ ٱلْمَلَٰٓئِكَةُ وَٱلرُّوحُ فِيهَا
بِإِذْنِ رَبِّهِم مِّن كُلِّ أَمْرٍ ﴿٤﴾ سَلَٰمٌ هِىَ حَتَّىٰ مَطْلَعِ ٱلْفَجْرِ ﴿٥﴾

## سُورَةُ البَيِّنَةِ

بِسْمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحْمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

لَمْ يَكُنِ ٱلَّذِينَ كَفَرُوا۟ مِنْ أَهْلِ ٱلْكِتَٰبِ وَٱلْمُشْرِكِينَ مُنفَكِّينَ حَتَّىٰ
تَأْتِيَهُمُ ٱلْبَيِّنَةُ ﴿١﴾ رَسُولٌ مِّنَ ٱللَّهِ يَتْلُوا۟ صُحُفًا مُّطَهَّرَةً ﴿٢﴾ فِيهَا كُتُبٌ
قَيِّمَةٌ ﴿٣﴾ وَمَا تَفَرَّقَ ٱلَّذِينَ أُوتُوا۟ ٱلْكِتَٰبَ إِلَّا مِنۢ بَعْدِ مَا جَآءَتْهُمُ
ٱلْبَيِّنَةُ ﴿٤﴾ وَمَآ أُمِرُوٓا۟ إِلَّا لِيَعْبُدُوا۟ ٱللَّهَ مُخْلِصِينَ لَهُ ٱلدِّينَ
حُنَفَآءَ وَيُقِيمُوا۟ ٱلصَّلَوٰةَ وَيُؤْتُوا۟ ٱلزَّكَوٰةَ ۚ وَذَٰلِكَ دِينُ ٱلْقَيِّمَةِ ﴿٥﴾

13. Hitanao va raha mampandainga sy miamboho izy ?
14. Moa ve tsy fantany fa Allah mahita (azy) ?
15. Tsy izy intsony ! Raha tsy mitsahatra izy dia hotarihinay tokoa amin'ny sangany
16. Dia sangan'ny mpandainga sy mpanota
17. Aoka hiantso fivoriam-beny izy
18. Izahay hiantso kosa ireo mpiambina (afo-be)
19. Tsia, aza milefitra aminy ianao sy miankohofa ary manantona

## TOKO AL-KADAR (NY LAHATRA)

*Amin'ny anaran'Allah be indrafo, sy be fiantrana*

1. Izahay dia tena nampidina azy io tamin'ny alin'ny fandaharana
2. Moa ve mba fantatrao inona moa izany alin'ny fandaharana izany ?
3. Ny alin'ny fandaharana dia tsara kokoa noho ny arivo volana
4. Hidina ireo Anjely sy ny Fanahy amin'izany amin'ny alalan'ny fahazoan-dalana avy amin'ny Tompon'izy ireo, miaraka amin'ny baiko rehetra.
5. Fahandriampahalemana no ho eo hatramin'ny fiandohan'ny maraina.

## TOKO AL-BAINA (NY POROFO)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Ireo izay tsy nino tamin'ireo notolorana ny boky sy ireo mpanompo sampy, dia tsy hitsahatra nitsipaka raha tsy efa tonga amindreo ny porofo miezinezina
2. Iraka avy amin'ny Allah, mitory amin'izy ireo ny takelaka voadio
3. Mirakitra ireo boky marina tonga lafatra
4. Sy tsy nisara-bazana ireo izay notolorana ny boky raha tsy taorian'ny porofo miezinezina tonga tamin'izy ireo
5. Tsy nodidiana izy ireo afa-tsy hanompo an'Allah tokana ampanolorana am-po madio ny finoana ho azy irery sy hanatanteraka ny Salat (fanompoa-pivavahana) sy hanome ny Zakat, (ampaha-karena) izany no finoana marina tonga lafatra

إِنَّ ٱلَّذِينَ كَفَرُواْ مِنْ أَهْلِ ٱلْكِتَٰبِ وَٱلْمُشْرِكِينَ فِي نَارِ جَهَنَّمَ
خَٰلِدِينَ فِيهَآ أُوْلَٰٓئِكَ هُمْ شَرُّ ٱلْبَرِيَّةِ ٦ إِنَّ ٱلَّذِينَ ءَامَنُواْ
وَعَمِلُواْ ٱلصَّٰلِحَٰتِ أُوْلَٰٓئِكَ هُمْ خَيْرُ ٱلْبَرِيَّةِ ٧ جَزَآؤُهُمْ
عِندَ رَبِّهِمْ جَنَّٰتُ عَدْنٍ تَجْرِي مِن تَحْتِهَا ٱلْأَنْهَٰرُ خَٰلِدِينَ
فِيهَآ أَبَدًاۖ رَّضِيَ ٱللَّهُ عَنْهُمْ وَرَضُواْ عَنْهُۚ ذَٰلِكَ لِمَنْ خَشِيَ رَبَّهُۥ ٨

## سُورَةُ الزَّلْزَلَةِ

بِسْمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحْمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

إِذَا زُلْزِلَتِ ٱلْأَرْضُ زِلْزَالَهَا ١ وَأَخْرَجَتِ ٱلْأَرْضُ أَثْقَالَهَا ٢ وَقَالَ
ٱلْإِنسَٰنُ مَا لَهَا ٣ يَوْمَئِذٍ تُحَدِّثُ أَخْبَارَهَا ٤ بِأَنَّ رَبَّكَ أَوْحَىٰ لَهَا
٥ يَوْمَئِذٍ يَصْدُرُ ٱلنَّاسُ أَشْتَاتًا لِّيُرَوْاْ أَعْمَٰلَهُمْ ٦ فَمَن يَعْمَلْ
مِثْقَالَ ذَرَّةٍ خَيْرًا يَرَهُۥ ٧ وَمَن يَعْمَلْ مِثْقَالَ ذَرَّةٍ شَرًّا يَرَهُۥ ٨

## سُورَةُ العَادِيَاتِ

بِسْمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحْمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

وَٱلْعَٰدِيَٰتِ ضَبْحًا ١ فَٱلْمُورِيَٰتِ قَدْحًا ٢ فَٱلْمُغِيرَٰتِ
صُبْحًا ٣ فَأَثَرْنَ بِهِۦ نَقْعًا ٤ فَوَسَطْنَ بِهِۦ جَمْعًا ٥

6. Eny tokoa, ireo izay tsy mino amin'ireo notolorana ny boky, sy ireo mpanompo sampy dia hitoetra ao anatin'ny afo-be mandrak'izay. Izy ireny no ratsy indrindra amin'ny zavabohary rehetra
7. Ireo izay nino sy nanao asa soa, izy ireny no tsara indrindra amin'ny zavabohary rehetra
8. Ny valisoa ho an'izy ireo avy amin'ny Tompon'izy ireo dia ireo zaridain'ny Paradisa misy renirano mikoriana ao ambaniny, dia hitoetra ao mandrak'izay izy ireo, afa-po tamin'izy ireo Allah ary izy ireo dia afa-po taminy, izany no anjaran'izay natahotra ny Tompony.

## TOKO AZALZALAH (NY HOROHORON-TANY)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Rehefa mihorohoro ny tany amin'ny fihorohoroany mafy be
2. Sy hamoaka ireo havesarany ny tany
3. Sy hiteny ny olombelona manao hoe : Inona no nanjo azy (tany) ?
4. Amin'izany andro izany dia hamoaka ny vaovaony izy (tany)
5. Araka ny baiko azony avy tamin'ny Tomponao taminy
6. Amin'io andro io dia hivoaka misaratsaraka ny olombelona mba hampijerena ny asan'izy ireo.
7. Koa izay manao asa soa na dia mitovy amin'ny lanjan'ny atoma aza dia ho hitany izany
8. Ary izay nanao asa ratsy na dia mitovy amin'ny lanjan'ny atoma aza dia ho hitany izany

## TOKO AL-ADIAT (NY SOAVALY MALAKY)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Mianiana amin'ny soavaly malaky misefosefo
2. Izay mampipoitra pitipitik'afo marobe
3. Izay manafika amin'ny maraina vao mangiran-dratsy
4. Mampitera-jofo ny vovoka
5. Ka tafatsofoka tao afovoan'ny tafika fahavalo

إِنَّ ٱلۡإِنسَٰنَ لِرَبِّهِۦ لَكَنُودٞ ٦ وَإِنَّهُۥ عَلَىٰ ذَٰلِكَ لَشَهِيدٞ ٧ وَإِنَّهُۥ لِحُبِّ
ٱلۡخَيۡرِ لَشَدِيدٌ ٨ ۞ أَفَلَا يَعۡلَمُ إِذَا بُعۡثِرَ مَا فِي ٱلۡقُبُورِ ٩
وَحُصِّلَ مَا فِي ٱلصُّدُورِ ١٠ إِنَّ رَبَّهُم بِهِمۡ يَوۡمَئِذٖ لَّخَبِيرُۢ ١١

## سُورَةُ القَارِعَةِ

بِسۡمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحۡمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

ٱلۡقَارِعَةُ ١ مَا ٱلۡقَارِعَةُ ٢ وَمَآ أَدۡرَىٰكَ مَا ٱلۡقَارِعَةُ ٣ يَوۡمَ
يَكُونُ ٱلنَّاسُ كَٱلۡفَرَاشِ ٱلۡمَبۡثُوثِ ٤ وَتَكُونُ ٱلۡجِبَالُ
كَٱلۡعِهۡنِ ٱلۡمَنفُوشِ ٥ فَأَمَّا مَن ثَقُلَتۡ مَوَٰزِينُهُۥ ٦ فَهُوَ فِي
عِيشَةٖ رَّاضِيَةٖ ٧ وَأَمَّا مَنۡ خَفَّتۡ مَوَٰزِينُهُۥ ٨ فَأُمُّهُۥ هَاوِيَةٞ
٩ وَمَآ أَدۡرَىٰكَ مَا هِيَهۡ ١٠ نَارٌ حَامِيَةُۢ ١١

## سُورَةُ التَّكَاثُرِ

بِسۡمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحۡمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

أَلۡهَىٰكُمُ ٱلتَّكَاثُرُ ١ حَتَّىٰ زُرۡتُمُ ٱلۡمَقَابِرَ ٢ كَلَّا سَوۡفَ تَعۡلَمُونَ ٣ ثُمَّ
كَلَّا سَوۡفَ تَعۡلَمُونَ ٤ كَلَّا لَوۡ تَعۡلَمُونَ عِلۡمَ ٱلۡيَقِينِ ٥ لَتَرَوُنَّ ٱلۡجَحِيمَ ٦
ثُمَّ لَتَرَوُنَّهَا عَيۡنَ ٱلۡيَقِينِ ٧ ثُمَّ لَتُسۡـَٔلُنَّ يَوۡمَئِذٍ عَنِ ٱلنَّعِيمِ ٨

6. Ny olombelona dia maniratsira tokoa ny Tompony
7. Ary izy ihany no tena vavolombelon'izany
8. Ary izy dia tena mankafy tafahoatra ny hasoavana
9. Tsy fantany ve fa rehefa korontanina ny ao ampasana ?
10. Ary amboraka ny ao am-po
11. Amin'izany andro izany dia ho fantatry ny Tompon'izy ireo tanteraka ny momba azy ireo.

## TOKO AL-KARI'A (NY FIREFOTRA)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Ny firefotra
2. Inona moa izany firefotra izany ?
3. Ary moa ve mba fantatrao, inona izany firefotra izany ?
4. Andro izay hahatonga ny olona, tahaka ny lolo miparitaka
5. Ary ireo tendrombohitra ho tahaka ny vongam-bolon'ondry voatsikera
6. Koa ny olona izay mavesatra ny mizanany
7. Izy dia ho ao anatin'ny fiainana feno fahasambarana
8. Ary ny olona izay maivana ny mizanany
9. Dia ny reniny any anatin'ny hantsana lalina be
10. Ary ahoana no hafantaranao izany hantsana lalina be izany ?
11. Afo-be mamaivay

## TOKO AT-TAKASORO (NY FIHAZAKAZAHANA AMIN'NY FANANGONAN-KARENA)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Ny fihazakazahana any amin'ny fanangonan-karena no namalifaly anareo
2. Mandrampitsidihanareo (mpamangianareo) ny fasana
3. Tsy izany anefa, ho fantatrareo tsy ho ela izany
4. Avy eo , tsy ho ela tokoa ho fantatrareo izany
5. Tsia, raha mba fantatrareo amin'ny fahalalàna marina izany
6. Dia tena hahita marimarina tokoa ny afo-be (JAHIM) ianareo
7. Rehefa avy eo dia hohitanareo amin'ny maso mahatoky izany
8. Dia amin'io andro io tena ho anontaniana ianareo momba ny fahafinaretana niainanareo.

## سُورَةُ العَصۡرِ

بِسۡمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحۡمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

وَٱلۡعَصۡرِ ١ إِنَّ ٱلۡإِنسَٰنَ لَفِي خُسۡرٍ ٢ إِلَّا ٱلَّذِينَ ءَامَنُواْ
وَعَمِلُواْ ٱلصَّٰلِحَٰتِ وَتَوَاصَوۡاْ بِٱلۡحَقِّ وَتَوَاصَوۡاْ بِٱلصَّبۡرِ ٣

## سُورَةُ الهُمَزَةِ

بِسۡمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحۡمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

وَيۡلٞ لِّكُلِّ هُمَزَةٖ لُّمَزَةٍ ١ ٱلَّذِي جَمَعَ مَالٗا وَعَدَّدَهُۥ ٢
يَحۡسَبُ أَنَّ مَالَهُۥٓ أَخۡلَدَهُۥ ٣ كَلَّاۖ لَيُنۢبَذَنَّ فِي ٱلۡحُطَمَةِ ٤
وَمَآ أَدۡرَىٰكَ مَا ٱلۡحُطَمَةُ ٥ نَارُ ٱللَّهِ ٱلۡمُوقَدَةُ ٦ ٱلَّتِي تَطَّلِعُ
عَلَى ٱلۡأَفۡـِٔدَةِ ٧ إِنَّهَا عَلَيۡهِم مُّؤۡصَدَةٞ ٨ فِي عَمَدٖ مُّمَدَّدَةِۭ ٩

## سُورَةُ الفِيلِ

بِسۡمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحۡمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

أَلَمۡ تَرَ كَيۡفَ فَعَلَ رَبُّكَ بِأَصۡحَٰبِ ٱلۡفِيلِ ١ أَلَمۡ يَجۡعَلۡ
كَيۡدَهُمۡ فِي تَضۡلِيلٖ ٢ وَأَرۡسَلَ عَلَيۡهِمۡ طَيۡرًا أَبَابِيلَ ٣
تَرۡمِيهِم بِحِجَارَةٖ مِّن سِجِّيلٖ ٤ فَجَعَلَهُمۡ كَعَصۡفٖ مَّأۡكُولِۭ ٥

## TOKO AL-A'SRI
## (NY FOTOANA)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Mianiana amin'ny fotoana
2. Ny olombelona dia tena ao anatin'ny fahaverezana tokoa
3. Afa-tsy ireo izay nino sy nanao ny asa soa sy nifananatra amin'ny fahamarinana, ary nifananatra amin'ny fiaretana

## TOKO AL-HOMAZA
## (NY MPANESO)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Loza ho an'ny mpaneso sy mpanaratsy
2. Izay nanangona harena ary nanisa azy.
3. Mihevitra izy fa ny harenany dia hampaharitra azy mandrak'izay
4. Tsia, havarina ao anatin'ny HOTAMA izy
5. Ary mba fantatrao ve, inona moa izany HOTAMA izany ?
6. Afon'Allah mirehitra
7. Izay mipaka hatrany amin'ny fo
8. Izany tokoa no mihodidina azy ireo
9. Anatin'ny tsatoka avo marobe

## TOKO AL-FIYL
## (NY ELEFANTA)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Tsy mba hitanao ve, nanao ahoana no nanaovan'ny Tomponao ireo olon'ny Elefanta ?
2. Tsy nataony zava-poana fotsiny ve ny teti-dratsin'izy ireo ?
3. Ary nandefasany andiam-borona maro mankany amin'izy ireo
4. Izay nitoraka azy ireo tamin'ny vato tanimanga avy amin'ny afo-be
5. Ka nataony tahaka ny mololo vaotsako izy ireo

## سُورَةُ قُرَيْشٍ

بِسْمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحْمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

لِإِيلَٰفِ قُرَيْشٍ ١ إِۦلَٰفِهِمْ رِحْلَةَ ٱلشِّتَآءِ وَٱلصَّيْفِ
٢ فَلْيَعْبُدُوا۟ رَبَّ هَٰذَا ٱلْبَيْتِ ٣ ٱلَّذِىٓ أَطْعَمَهُم
مِّن جُوعٍ وَءَامَنَهُم مِّنْ خَوْفٍۭ ٤

## سُورَةُ المَاعُونِ

بِسْمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحْمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

أَرَءَيْتَ ٱلَّذِى يُكَذِّبُ بِٱلدِّينِ ١ فَذَٰلِكَ ٱلَّذِى يَدُعُّ
ٱلْيَتِيمَ ٢ وَلَا يَحُضُّ عَلَىٰ طَعَامِ ٱلْمِسْكِينِ ٣ فَوَيْلٌ
لِّلْمُصَلِّينَ ٤ ٱلَّذِينَ هُمْ عَن صَلَاتِهِمْ سَاهُونَ
٥ ٱلَّذِينَ هُمْ يُرَآءُونَ ٦ وَيَمْنَعُونَ ٱلْمَاعُونَ ٧

## سُورَةُ الكَوْثَرِ

بِسْمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحْمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

إِنَّآ أَعْطَيْنَٰكَ ٱلْكَوْثَرَ ١ فَصَلِّ لِرَبِّكَ وَٱنْحَرْ ٢
إِنَّ شَانِئَكَ هُوَ ٱلْأَبْتَرُ ٣

## TOKO KORAISH
## (IREO KORAISY)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiatrana*

1. Noho ny fifanekena tamin'ireo fokon'ny Koraîsy
2. Fifanekena nataon'izy ireo momba ny dia amin'ny ririnina sy amin'ny fahavaratra
3. Aok'izy ireo hanompo Tompon'ity trano ity
4. Izay nampihinana azy ireo tsy ho voan'ny mosary ary nanala azy ireo tamin'ny tahotra

## TOKO AL-MAONA
## (NY FANAMPIANA)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Mba hitanao ve izay milaza fa lainga ny fitsarana farany ?
2. Izany ilay manosibohotanana (tsy niraharaha) ny zaza kamboty
3. Ary tsy mamporisika amin'ny fampihinana ny mahantra
4. Koa loza ho an'ireo izay manao Salat (fanompoam-pivavahana)
5. Ireo izay manao tsirambina (nanatara) ny fanompoana fanaon'izy ireo
6. Ireo izay misehoseho
7. Ary mandrara ny fananpiana (ho an'ny sasany)

## TOKO AL-KAO-SAR
## (NY RENIRANO KAO-SAR)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Eny ( tena marina ) : efa nomenay anao ny KAO-SAR
2. ka mivavaha amin'ny Tomponao ary manaova sorona
3. Eny, izay mankahala anao ihany, no ho lany tamingana ( tsy mety hanana taranaka)

## سُورَةُ الكَافِرُونَ

بِسۡمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحۡمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

قُلۡ يَٰٓأَيُّهَا ٱلۡكَٰفِرُونَ ١ لَآ أَعۡبُدُ مَا تَعۡبُدُونَ ٢
وَلَآ أَنتُمۡ عَٰبِدُونَ مَآ أَعۡبُدُ ٣ وَلَآ أَنَا۠ عَابِدٞ مَّا عَبَدتُّمۡ ٤
وَلَآ أَنتُمۡ عَٰبِدُونَ مَآ أَعۡبُدُ ٥ لَكُمۡ دِينُكُمۡ وَلِيَ دِينِ ٦

## سُورَةُ النَّصۡرِ

بِسۡمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحۡمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

إِذَا جَآءَ نَصۡرُ ٱللَّهِ وَٱلۡفَتۡحُ ١ وَرَأَيۡتَ ٱلنَّاسَ
يَدۡخُلُونَ فِي دِينِ ٱللَّهِ أَفۡوَاجٗا ٢ فَسَبِّحۡ بِحَمۡدِ رَبِّكَ
وَٱسۡتَغۡفِرۡهُۚ إِنَّهُۥ كَانَ تَوَّابَۢا ٣

## سُورَةُ المَسَدِ

بِسۡمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحۡمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

تَبَّتۡ يَدَآ أَبِي لَهَبٖ وَتَبَّ ١ مَآ أَغۡنَىٰ عَنۡهُ مَالُهُۥ وَمَا كَسَبَ ٢
سَيَصۡلَىٰ نَارٗا ذَاتَ لَهَبٖ ٣ وَٱمۡرَأَتُهُۥ حَمَّالَةَ ٱلۡحَطَبِ ٤
فِي جِيدِهَا حَبۡلٞ مِّن مَّسَدِۭ ٥

## TOKO AL-KAFIRONA (IREO TSY MINO)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Teneno : o! ianareo ry tsy mpino
2. Tsy manompo izay Tompoinareo aho
3. Ary ianareo tsy mpanompo izay tompoiko
4. Ary izaho tsy mpanompo izay Tompoinareo
5. Ary ianareo tsy mpanompo izay tompoiko
6. Ho anareo ny finoanareo ary ho ahy ny Finoako

## TOKO AN-NASR (NY FAMONJENA)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Rehefa tonga ny famonjen'ALLAH sy ny fanafahana
2. Sy ahitanao andian'olona maro miditra amin'ny Finoan'Allah
3. Dia ankalazao ny deran'ny Tomponao sy mangataha fifonana aminy Izy tokoa no tena be famelana

## TOKO AL-MASAD (NY TADY VOARANDRANA)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Ho levona anie ny tanan-droan' Abo-Lahabo, ary ho levona koa izy
2. Tsy hitera-bokatsoa ho azy ny harenany, sy izay azony
3. Hiditra ao anatin'ny afo miredareda izy
4. Sy ny vadiny, ilay mpivimbina kitay ( hazo maty )
5. Eo amin'ny vozony misy tady voarandrana

## سُورَةُ الإِخْلَاصِ

بِسۡمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحۡمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

قُلۡ هُوَ ٱللَّهُ أَحَدٌ ﴿١﴾ ٱللَّهُ ٱلصَّمَدُ ﴿٢﴾ لَمۡ يَلِدۡ وَلَمۡ يُولَدۡ ﴿٣﴾
وَلَمۡ يَكُن لَّهُۥ كُفُوًا أَحَدُۢ ﴿٤﴾

## سُورَةُ الفَلَقِ

بِسۡمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحۡمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

قُلۡ أَعُوذُ بِرَبِّ ٱلۡفَلَقِ ﴿١﴾ مِن شَرِّ مَا خَلَقَ ﴿٢﴾ وَمِن شَرِّ
غَاسِقٍ إِذَا وَقَبَ ﴿٣﴾ وَمِن شَرِّ ٱلنَّفَّٰثَٰتِ فِي ٱلۡعُقَدِ ﴿٤﴾
وَمِن شَرِّ حَاسِدٍ إِذَا حَسَدَ ﴿٥﴾

## سُورَةُ النَّاسِ

بِسۡمِ ٱللَّهِ ٱلرَّحۡمَٰنِ ٱلرَّحِيمِ

قُلۡ أَعُوذُ بِرَبِّ ٱلنَّاسِ ﴿١﴾ مَلِكِ ٱلنَّاسِ ﴿٢﴾ إِلَٰهِ
ٱلنَّاسِ ﴿٣﴾ مِن شَرِّ ٱلۡوَسۡوَاسِ ٱلۡخَنَّاسِ ﴿٤﴾ ٱلَّذِي
يُوَسۡوِسُ فِي صُدُورِ ٱلنَّاسِ ﴿٥﴾
مِنَ ٱلۡجِنَّةِ وَٱلنَّاسِ ﴿٦﴾

## TOKO AL-IKHLAS
## (NY FAHADIOVAM-PO)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Teneno : Izy , Allah dia Tokana
2. Allah Mahaleo tena tanteraka amin'ny zava-drehetra
3. Tsy niteraka Izy, ary tsy nateraka
4. Ary tsy misy na inona na inona mitovy aminy

## TOKO AL-FALAK
## (NY MARAINA MANGIRAN-DRATSY)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Teneno, Mitady fiarovana aho avy amin'ny Tompon'ny Maraina mangiran-dratsy
2. Mba tsy ho voan'ny haratsian'izay nahariny
3. Ary mba tsy ho voan'ny hamaizin'ny alina rehefa manenika
4. Ary mba tsy ho voan'ny haratsian'ireo mpitsioka amin'ny vona (mpamosavy)
5. Ary mba tsy ho voan'ny haratsin'ny mpialona rehefa mialona izy

## TOKO AN-NAS
## (NY OLOMBELONA)

*Amin'ny anaran'Allah, be indrafo sy be fiantrana*

1. Teneno : Mitady fiarovana aho avy amin'ny Tompon'ny olombelona
2. Mpanjakan'ny olombelona :
3. Allah ny olombelona (Zanaharin' ny olombelona)
4. Mba tsy ho voan'ny haratsian'ireo mpaka fanahy antsokosoko
5. Izay mibitsibitsika ahiahy ao ampon'ny olombelona
6. Avy amin'ny Jinn ( Angatra ) sy avy amin'ny olombelona

## فهرس بأسماء السور وبيان المكي والمدني منها

## Fizahan-takilan'ny anaran'ireo Soraty sy fanazavana ny Makia sy Madania amin'izireo:


| Soraty | No | Pejy | | | الصفحة | رقمها | السورة |
|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Ny fanombohana | 1 | 1 | Makia | مكية | ١ | ١ | الفاتحة |
| Ny vaovao lehibe | 78 | 2 | Makia | مكية | ٢ | ٧٨ | النبأ |
| Ireo Anjely mpaka ny aina | 79 | 3 | Makia | مكية | ٣ | ٧٩ | النازعات |
| Niketrona izy | 80 | 5 | Makia | مكية | ٥ | ٨٠ | عبس |
| Ny fahamaizinana | 81 | 6 | Makia | مكية | ٦ | ٨١ | التكوير |
| Ny fahavakiana | 82 | 7 | Makia | مكية | ٧ | ٨٢ | الانفطار |
| Ireo mpamitaka (mpanambaka) | 83 | 7 | Makia | مكية | ٧ | ٨٣ | المطففين |
| Ny fitriarana | 84 | 9 | Makia | مكية | ٩ | ٨٤ | الانشقاق |
| Ny antokon-kintana | 85 | 10 | Makia | مكية | ١٠ | ٨٥ | البروج |
| Ny Kintana mampazava amin'ny alina | 86 | 11 | Makia | مكية | ١١ | ٨٦ | الطارق |
| Ilay avo indrindra | 87 | 11 | Makia | مكية | ١١ | ٨٧ | الأعلى |
| Ilay manarona | 88 | 12 | Makia | مكية | ١٢ | ٨٨ | الغاشية |
| Ny vao maraina | 89 | 13 | Makia | مكية | ١٣ | ٨٩ | الفجر |
| Ny tanana | 90 | 14 | Makia | مكية | ١٤ | ٩٠ | البلد |
| Ny Masoandro | 91 | 15 | Makia | مكية | ١٥ | ٩١ | الشمس |
| Ny alina | 92 | 15 | Makia | مكية | ١٥ | ٩٢ | الليل |
| Ny fisandratan'ny andro | 93 | 16 | Makia | مكية | ١٦ | ٩٣ | الضحى |
| Ny fanokafana | 94 | 16 | Makia | مكية | ١٦ | ٩٤ | الشرح |
| Ny aviavy | 95 | 17 | Makia | مكية | ١٧ | ٩٥ | التين |
| Ny firaiketana | 96 | 17 | Makia | مكية | ١٧ | ٩٦ | العلق |
| Ny lahatra | 97 | 18 | Makia | مكية | ١٨ | ٩٧ | القدر |
| Ny porofo | 98 | 18 | Madania | مدنية | ١٨ | ٩٨ | البينة |
| Ny horohoron-tany | 99 | 19 | Madania | مدنية | ١٩ | ٩٩ | الزلزلة |
| Ny Soavaly malaky | 100 | 19 | Makia | مكية | ١٩ | ١٠٠ | العاديات |
| Ny firefotra | 101 | 20 | Makia | مكية | ٢٠ | ١٠١ | القارعة |
| Ny fihazakazahana amin'ny fanangonan-karena | 102 | 20 | Makia | مكية | ٢٠ | ١٠٢ | التكاثر |
| Ny fotoana | 103 | 21 | Makia | مكية | ٢١ | ١٠٣ | العصر |
| Ny mpaneso | 104 | 21 | Makia | مكية | ٢١ | ١٠٤ | الهمزة |
| Ny Elefanta | 105 | 21 | Makia | مكية | ٢١ | ١٠٥ | الفيل |
| Ireo Koraisy | 106 | 22 | Makia | مكية | ٢٢ | ١٠٦ | قريش |
| Ny fanampiana | 107 | 22 | Makia | مكية | ٢٢ | ١٠٧ | الماعون |
| Ny renirano kao-sar | 108 | 22 | Makia | مكية | ٢٢ | ١٠٨ | الكوثر |
| Ireo tsy mpino | 109 | 23 | Makia | مكية | ٢٣ | ١٠٩ | الكافرون |
| Ny famonjena | 110 | 23 | Madania | مدنية | ٢٣ | ١١٠ | النصر |
| Ny tady voarandrana | 111 | 23 | Makia | مكية | ٢٣ | ١١١ | المسد |
| Ny fahadiovam-po | 112 | 24 | Makia | مكية | ٢٤ | ١١٢ | الإخلاص |
| Ny maraina mangiran-dratsy | 113 | 24 | Makia | مكية | ٢٤ | ١١٣ | الفلق |
| Ny olombelona | 114 | 24 | Makia | مكية | ٢٤ | ١١٤ | الناس |

Noho ny
fanampian'Allah sy ny
fitahiany dia tanteraka ny
fanatontana ny tapany amin'ny
boky masina koroany sy ny dikan
-teniny tao amin'ny orintranon'ny
Mpanjaka FAHD mpanonta ny boky
masina koroany ao AL-MADINA AL-
MONAOARA teo ambanin'ny
fitahian'ny Ministeran'ny raharaha
islamika sy ny aokaf sy ny
fampielezana ary ny fanoroan
-dalana ao Arabia Saodity
taona 1428H

Ny zo fanatontana dia ho an'ny orintranon'ny Mpanjaka FAHD
mpanonta ny boky masina koroany irery ihany
B.P 6262 AL-MADINA AL-MONAOARA
ARABIA SAODITY
**www.qurancomplex.org**
**kfcphq@qurancomplex.org**

ⓒ مجمع الملك فهد لطباعة المصحف الشريف ، ١٤٢٧هـ

*فهرسة مكتبة الملك فهد الوطنية أثناء النشر*

مجمع الملك فهد لطباعة المصحف الشريف

الفاتحة وجزء عم وترجمة معانيهما إلى اللغة الملاغاشية –

المدينة المنورة، ١٤٢٧هـ

٥٦ ص ؛ ١٤×٢١ سم

ردمك: ١-٧-٩٧٣٢-٩٩٦٠

١- القرآن – ترجمة – اللغة الملاغاشية أ- العنوان

ديوي ٤٩٩، ٢٢١ ١٤٢٧/٦٧٩٦

رقم الإيداع: ١٤٢٧/٦٧٩٦

ردمك: ١-٧-٩٧٣٢-٩٩٦٠

ردمك: ١-٧-٩٧٣٢-٩٩٦٠ ٥٠٠٠/ هـ ام ل (٧) (٠١)